Sakafo Ara-panahy
Amin'Ny Vanim-potoana Mety

Minoa fotsiny, minoa fotsiny,
Ny zava-drehetra azo atao, fotsiny . . .

Ahoana, tahaka an'izao ankehitriny:

Ankehitriny mino aho, ankehitriny mino aho,
Ny zava-drehetra azo atao, ankehitriny mino aho;
Ankehitriny mino aho, ankehitriny mino aho,
Ny zava-drehetra azo atao, ankehitriny mino aho.

Ndao isika hitohy hitsangana ankehitriny, miaraka amin'ny lohantsika miondrika.

Tompo, enga anie izany tsy ho hira iray fotsiny, fa ireo tena halalin'ny fonay mihitsy no mihira hoe, "Ankehitriny mino aho!" Nilaza ireo mpianatra indray mandeha, rehefa avy nanao asa mahery maro Jesosy, hoy izy ireo hoe, "Tompo, ankehitriny mino izahay."

Hoy Jesosy hoe, "Mino ve ianareo ankehitriny?"

2 Hoy izy ireo hoe, "Mino izahay fa mahafantatra ny zavatra rehetra Ianao ka tsy mila olona hampianatra Anao." Noho izany, Ray, fantatray izao hariva izao fa tsy mila ny fampianaranay Ianao, fa izahay no mila ny Anao. Noho izany dia mivavaka izahay mba Hampianaranao anay hoe ahoana no fivavaka, ahoana no iainana, ary ahoana no inoana. Ekeo izany, Tompo, mandritr'ity fivoriana ity izao hariva izao. Raha misy tsy ampy aminay, dia omeo anay izany, Tompo. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

3 Fantatro fa maro aminareo no mitsangana indray izao hariva izao. Ary, ny ato anatiny, dia nihaona tamin'ireo vondrona aho izay nilaza fa tsy afaka niditra izy ireo, ka mihaino amin'ny radio-ny ao anatin'ireo fiara samihafa. Ary ankehitriny dia hiezaka izahay ny hanao haingana mihitsy arak'izay vitanay izao hariva izao, ny Alahady hariva, hifantoka amin'ny fivavahana ho an'ny marary izahay, hanana laharam-bavaka iray mba hahafahanay hahavita anankiray eo. Fa hanokana an'ity fivoriana ity izahay izao hariva izao ho an'ny vavaka ho an'ny marary.

4 Ary tiako hiorina tsara ianareo ankehitriny ao amin'ny . . . ity Teny faminaniana Masin'Andriamanitra ity, amin'ilay Finoana, ilay Finoan'izao ora izao. Ilay Finoana! Izany dia

hila finoana betsaka noho izay efa hany nisy tao amin'ny taona rehetra, satria tsy maintsy ho finoan'ny fampakarana izao, mba hakarina. Ary noho izany dia tianay ianareo izao hariva izao hino an'izay rehetra hitanareo, renareo, ny Teny izay renareo voatory, ireo—ireo famantarana sy fahagagana izay efa hitanareo vita. Tianay ianareo hanangona an'izany rehetra izany miaraka ao amin'ny fonareo, ka hihevitra azy, na Andriamanitra izany na tsia.

5 Izany dia tahaka an'i Elisa fahiny, nanao hoe, "Raha Andriamanitra no Andriamanitra, dia manompoa Azy amin'izay fotoana izay." Ary raha Jesosy no ivon'ny zavatra rehetra ho an'ny Kristiana, amin'izay fotoana izay dia heveriko fa tokony hamotsotra ny zavatra hafa rehetra isika ka hiraikitra Aminy. Tsarovy, Izy no Ivo, Izy no Kintan'ny Avaratra, Izy no Teny farany, Izy no Fara-teny. Ary raha Izy no Kintan'ny Avaratra . . . Zavatra anankiray ihany no hanondro ny kintan'ny avaratra, izany no famantaran'avaratrareo izay hisosanareo. Ary ny Famantaran'avaratra izay ezahako hisosanareo dia ny Teny, fa manondro Azy foana ny Teny.

6 Ary isika dia toy ny hoe handalo ao amin'ny fotoana lehibe iray an'ny fahoriana sy fizahan-toetra, fotoan'ny fahaverezan-kevitra sy fahoriana eo amin'ny samy firenena, sy ireo karazan-javatra rehetra mitranga ireo, ary indraindray aho dia difotra toy ny . . . Na aiza na aiza jereko, ilay izy dia toy ny hoe eo ambonin'ny . . . ao anaty sambo iray eny ambonin'ny ranomasina. Ary nomena ahy ny fiandraiketana an'ilay Sambo. Ary ahoana no hanaovantsika azy? Ary indro fa tonga ny anankiray miaraka amin'ny tendro fotsy iray, an-jatony lehibe lavitra nohon'ny samboko. Saingy hitety azy ireo isika, ny tsirairay avy. "Mihoatra nohon'ny mpandresy isika amin'ny Alàlany." Ilay Kapiteny, ilay Lohan'ny Kapiteny, no mihazona ny tady eo amin'ny faran'ilay sambo, Izy no hampandalo an'izany. Hitety ny tsirairay avy amin'ireo isika.

7 Ankehitriny, izao hariva izao, mba ahafahantsika mandeha haingana sy hamela anareo hivoaka aloha. Mankasitraka ny familianareo fiara ela izahay, sy ny sisa, ary ny hoe ahoana no tsy maintsy namilianareo fiara, sy ny fanoloran-tena tsy maintsy nataonareo. Ary, hitanareo, izany no manao ahy eo amin'ny toerana izay hitiavako mitsangana fotsiny sy manohy miresaka mihitsy ary manao ny zavatra rehetra izay vitako hanampiana anareo. Fa miezaka aho rehefa eto ny mampita ny zavatra rehetra arak'izay vitako, mba hanome fanampiana ho an'izao fotoana izay misy antsika ankehitriny izao. Amin'izay fotoana izay ianareo no mandray . . . Raha be loatra no omenareo ny olona amin'ny fotoana iray dia tsy afaka hahatsiaro an'izany izy ireo. Ianareo—ianareo dia tsy maintsy maka zavatra anankiray fotsiny ary hanolotra an'izany avy

hatrany an'ilay olona mandra-pahitan'izy ireo an'izany. Ary avy eo rehefa mihazona mafy an'izany ao am-pony izy ireo, amin'izay fotoana izay no. . . amin'izay fotoana izay dia ampianarina zavatra hafa izy ireo. Mandeha dingana isaky ny dingana fotsiny isika.

8 Ankehitriny, mivavaha ianareo ary aoka hahery tsara, ka minoa ankehitriny ny amin'ny fahasitranana izao hariva izao. Tsy mihevitra aho fa misy fanontaniana iray ao an-tsainareo mikasika ny fotoana izay iainantsika. Tsy mino aho fa misy fanontaniana iray ao an-tsainareo mikasika ny hoe eo afovoan'ny Olony Andriamanitra na tsia. Mino aho fa mino an'izany ianareo rehetra. Ary izaho. . . Tsy misy fisalasalana mikasika an'izany ao an-tsaiko. Ary izaho—izaho—izaho dia mahafantatra ny oloko, ry sakaizako, ireo sakaizan'i Kristy, ireo zanak'i—i Kristy, dia mino an'izany.

9 Ary manome fahafinaretana lehibe ho ahy ny tonga mba hahita rehefa fantatrareo fa manana Hafatra iray avy amin'Andriamanitra ianareo, ary omenareo ny olona izany ka mahita ny olona mamaly an'Izany. Mijery any aoriana ianareo amin'izay fotoana izay ka manao hoe, "Misaotra Anao, Ray." Oh, fifaliana toy ny inona ny mahita an'ireo zanaka mihinana an'ilay Mofo izay nalefa ho azy ireo! Fantatrareo ve fa fahitana iray izany taona maro lasa izay, teto amin'ity tabernakla teto ity mihitsy? Marina izany, "Ilay Mofon'Aina." Rahalahy Neville, tsaroanao izany, angamba. Fotoana mahery!

10 Ankehitriny ndao isika hamadika, raha te-hanaraka ny famakiana ianareo na handray naoty an'izany, izao fotsiny. . . Tsy mino aho fa mety ny hanana fivoriana iray nefa tsy mamaky ny Tenin'Andriamanitra sy manao fanazavana fohy, raha ho fivoriana ho an'ny fanasitranana iray ilay izy na karazany iray. Mahazo isika rehetra. Tsy misy vahiny eto anivontsika, heveriko. Fa mahazo isika rehetra hoe inona ny fanasitranana. Tsy zavatra izay ataon'ny olona iray ho anareo izany; izany dia izay efa nataon'Andriamanitra ho anareo. Mitovy amin'izany koa ny famonjena. Ny zavatra tokana, dia, ny mitondra ny olona hino fa izany no Fahamarinana. Ary Andriamanitra no mampianatra an'izany ao amin'Ny Teniny sy manaporofo an'izany amin'ireo izay hino Azy avy eo, satria hoy Izy hoe, "Ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo izay mino."

11 Hoy ianareo hoe, "Tsy misy tsy hain'Andriamanitra atao." Mino an'izany ve ianareo? Tsy misy tsy hainareo atao, ihany koa. "Fa ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo," (Olona anankiray Andriamanitra) "ho an'ireo izay mino." Hitanareo? Noho izany tsy misy tsy hainareo atao, ho anareo, raha mety mino fotsiny ianareo.

12 Ankehitriny ao amin'ny Mpanjaka Voalohany, ny toko faha-17, tiako ny hamaky an'ireo andininy fito voalohany, raha sitraky ny Tompo.

Ary Elia ilay Tisbita, izay isan'ny nivahiny tany Gileada, nilaza tamin'i Ahaba hoe, Raha velona koa ny TOMPO *Andriamanitry ny Isiraely, izay itsanganako eo anatrehany, dia tsy hisy ando na ranonorana amin'izao taona izao, raha tsy araka ny teniko.*

Ary ny tenin'ny TOMPO *tonga taminy, nanao hoe,*

Mialà eto ianao, ary mitodiha miatsinanana, *mitodiha ianao miatsinanana, ka afeno eo anilan'ny renirano Kerita ny tenanao, izay eo anoloan'i Jordana.*

Ary izao no hisy, fa ianao dia *hisotro amin'ny renirano; ary efa nodidiako ny goaika hamelona anao any.*

Mariho, "hamelona anao any," fa tsy any an-kafa any ho any. "Any!"

Koa dia lasa izy ary nanao araka ny TOMPO, na *ny tenin'ny* TOMPO*: fa nandeha izy ka nitoetra teo anilan'ny renirano Kerita, izay eo anoloan'i Jordana.*

Fa ny goaika no nitondra mofo sy hena ho azy ny maraina, ary mofo sy hena ny hariva; dia nisotro rano avy tamin'ny renirano izy.

Ary izao no niseho afaka kelikely, fa ritra ny renirano, satria tsy nisy ranonorana tamin'ny tany.

13 Ny Tompo anie hanampy ny Fitahiany amin'ny famakiana Ny Teniny. Ary ankehitriny, izao hariva izao, dia te-haka lahateny iray avy eo aho, izay antsoina hoe, "Sakafo ara-panahy amin'ny Vanim-potoany." Aninkeo maraina isika dia nanana ny—ny lesona teo amin'ny—teo amin'ny "Manao asa iray ho an'Andriamanitra, na miezaka manao asa iray ho Azy nefa tsy araka . . .-tsy arak'ilay fotoana, ilay vanim-potoana, ilay toerana, na ilay olona." Ary ankehitriny dia izao: *Sakafo Ara-panahy Amin'Ny Vanim-potoana Mety.*

14 Ity mpaminany ity, Elia, tena kely mihitsy no fantatsika momba azy. Saingy fantatsika fa mpanompon'Andriamanitra izy, ary ny mpanompon'Andriamanitra ho an'io ora io.

15 Ary Andriamanitra dia nampiasa Ny Fanahiny izay teo amin'i Elia, efa intelo, ary mbola mampanantena roa amboniny; indimy, ho an'ny fahasoavana. Nampiasa an'Izany teo amin'i Elia Izy; tonga teo amin'i Elisa tamin'ny anjaran-droa Izany; teo amin'i Jaona Mpanao-batisa; ary natao ho tonga mba hampiditra an'ilay Ampakarina Jentilisa mihitsy; ary tonga miaraka amin'i Mosesy hitondra ny Jiosy hody any an-trano. Marina izany. Indimy no ampanantenan'Andriamanitra hampiasana ny Fanahin'i Elia, ary efa nampiasa azy intelo.

16 Ankehitriny, ity mpaminany lehibe ity, tsy fantatsika hoe avy taiza izy. Fantatsika fa Tisbita iray izy. Fa ahoana no nahatongavany . . .

17 Kely no fantatsika mikasika an'ireo mpaminany. Tsy fantatsika hoe avy taiza izy ireo. Tena mahalana . . . Raha, tsy mahafantatra anankiray mihitsy aho izay nivoaka avy tamin'ny fiangonana na nanana tantaram-pirazanana taorian'izy ireo. Olona tsotra fotsiny ilay izy izay tsy nanan-tahotra, ary, matetika, dia tsy nianatra. Ary izy ireo dia tsy nanoratra mihitsy, tamin'ny tenany. Isaia sy Jeremia, ny vitsy amin'izy ireo, no nanoratra vitsivitsy, fa ity lehilahy lehibe Elia ity dia tsy nanoratra zavatra anankiray mihitsy. Maro tamin'izy ireo no tsy nanoratra; tsy nahay nanoratra angamba. Saingy lehilahy izay henjana izy ireo. Tsy nisy olona nitovy tamin'ireo mpaminany fahiny ireo tao amin'ny Baiboly. Nanohitra fanjakana izy ireo, mpanjaka, vahoaka, fiangonana, sy ny zavatra hafa rehetra, ary nijoro mafy teo amin'ny Tenin'Andriamanitra, ka Andriamanitra no nanaporofo azy ireo ho marina. Vatan'olona tena henjana izy ireo.

18 Ary anankiray amin'ny henjana indrindra tamin'izy rehetra ireo ity Elia ity. Lehilahin'ny an-efitra izy. Nivoaka avy tany an-efitra izy; niaina tany an-efitra izy. Nilaza ny Baiboly fa voloina izy. Nirakotra hoditr'ondry izy nanodidina azy, ary tapaka hoditra iray, avy amin'ny hodi-drameva no nandrakotra ny valahany, tena . . . volombava nanerana ny tavany, ary nieritreritra aho fa tena lehilahy iray henjana izy, ary raha jerena.

19 Fa isika tsy . . . tsy maty avokoa izy rehetra. Izy rehetra dia tsy—tsy maty. Tamin'ny andron'ny Fivoriamben'i Nise, maro aminareo olona ireo no namaky *Ny Fivoriamben'i Nise an'ny Fiangonana Voalohany,* rehefa naniry ny hanao rafi-pandaminana iray avy tamin'izany izy ireo ary nanafoana ny fiangonana hafa rehetra, ka hiditra ao amin'ny anankiray, rehefa nanana an'io Fivoriamben'i Nise io izy ireo, dia niditra tao ireo lehilahy henjana avy any an-efitra tahaka an'i Elisa, izay nihinana anana fotsiny; lehilahy malaza henjana. Saingy ireo manan-kaja, ireo ambony, teo ambanin'i Constantine, sy ny sisa, no nampangina ny feon'izy ireo. Satria izy ireo, amin'ny maha-mpaminany, dia nahafantatra fa tsy maintsy nilatsaka tamin'ny tany ilay voam-barin'ny Fiangonana Ampakarina, tahaka ny tsy maintsy nilatsahan'ilay voam-barin'ny Mpampakatra tamin'ny tany. Ary nandry tao nandritry ny arivo taona izany.

20 Izany no antony anoratan'izy ireo an'ireo boky amin'izao andro izao hoe, "Aiza io Andriamanitra mangina io izay afaka nitsangana sy nijery, nahita an'ireo zanaka kely novonoina, sy ireo vehivavy norovitin'ny liona ho potipotika, ary nipetraka tao an-danitra nefa tsy niteny na inona na inona mikasika an'izany?" Tsy mahafantatra ny Teny izy ireo. Tsy maintsy latsaka amin'ny tany io voam-bary io. Ahoana no nahafahan' Andriamanitra marina iray nitsangana ka nijery Ny Zanany

Manokana ho faty sy hororaina, sy ny sisa? Saingy araka ny Teny izany, dia tsy maintsy ho izany. Ary tahaka an'izany ilay izy na amin'izao ora izao aza.

21 Ity lehilahy ity, lehilahy iray malaza izy. Nanana taranaka mpanota iray izy teo anoloany. Ahaba no mpanjaka, efa ratsy ny rainy teo alohany. Hatreo amin'i Solomona, dia nisy anankiray ratsy fotsiny taorian'ilay hafa. Ary ity lehilahy ity, Ahaba, izay nanjaka roa amby roapolo taona tao Samaria, no ratsy indrindra tamin'izy rehetra ireo. Tena moderina iray izy. Nino ny fivavahana izy, izany tokoa. Ary nanao ny zavatra rehetra tao amin'ny firehana moderina izy. Nanana ny mpaminaniny Hebreo efajato izy, nianatra tsara sy nofanina izy rehetra ireo. Nandefa anankiray ho azy Andriamanitra fa tsy nino an'izany izy, ary Elia izany.

22 Fa Elia, ity Tisbita ity, dia lehilahin'ny an-efitra. Tsy lehilahy bonaika iray; lehilahy henjana iray izy. Ary indray andro, rehefa avy nanota i Ahaba ka tsy afaka nahatanty an'izany intsony Andriamanitra, dia niteny tamin'i Elia tany an-efitra Izy. Ary indro izy nandeha teny amin'ny làlana nankany Samaria, tahaka ny anoharako azy matetika; angamba miraikitra manodidina ny tavany ireo volombava fotsy, loha sola mamiratra amin'ny masoandro, maso antitra kely mivalombalona, tany niaraka tamin'ny tehina iray teny an-tànany, tsiky iray teo amin'ny tavany, nandeha avy hatrany teo amin'ilay mpanjakan'ny Isiraely, ka nanao hoe, "Ny. . . Tsy hisy ando akory aza hilatsaka raha tsy izaho no miantso azy."

23 Andriamanitra anie hanome antsika lehilahy tahaka an'izany, hitanareo, lehilahy izay mahafantatra an'izay ataony miaraka amin'ny HOY NY TOMPO HOE.

24 Ankehitriny, hitantsika fa talohan'ny nanaovany an'io, dia niantso azy Andriamanitra. Niresaka taminy Andriamanitra ary, noho izany, tsy natahotra na inona na inona izy. Tsy natahotra ny hafany izy, tsy hitranga ilay izy; fantany fa hitranga ilay izy! Fantany fa araka ny Tenin'ny Tompo izany, ary fantany fa izy no mpaminanin'Andriamanitra ho an'ilay ora. Noho izany na hanapaka ny lohany aza ny mpanjaka, hanipy azy ao an-tranomaizina, na inona na inona hataon'izy ireo, dia tsy nampisy fahasamihafana taminy izany; nanana fanirahana iray izy hoe, "HOY NY TOMPO HOE," teo anatrehan'ny mpanjaka mihitsy. Olona henjana toy ny inona! Fa talohan'ny nanaovany an'io, nilaza mialoha an'io hain-tany lehibe io. . .

25 Fa Andriamanitra tsy mamela ny fahotana handeha tsy ho voasazy. Tsy maintsy misy ny fanasaziana. Inona no mahatsara ny lalàna iray nefa tsy misy ny—ny fanasaziana? Inona no soa hataon'izany, atao hoe, "manohitra ny lalàna ny mandika an'ilay jiro," nefa tsy misy lamandy ao ambadik'izany, na tsy misy fanasaziana ao ambadik'izany? Tsy ho lalàna iray izany.

Noho izany dia misy fanasaziana iray ho an'ny fahotana. Ary rehefa manao lalàna iray Andriamanitra, ka izany lalàna—lalàna izany no toherina, amin'izay fotoana izay dia tsy maintsy hisy fanasaziana ho an'izany.

26 Ary nandika an'ireo Lalàny rehetra ity firenena ity. Oh, nanana fiangonana goavana izy ireo, nanana ny tempoly. Nanana lehilahy nianatra betsaka izy ireo. Nanana an'ireo mpaminany ireo nanerana ny firenena rehetra, nanana an'ireo sekoliny, nihodina tahaka ny milina iray. Ary nanana mpaminany betsaka izy ireo, nanana betsaka tamin'ireo—ireo mpisorona izy ireo, nanana mpanora-dalàna betsaka, ary nanana fivavahana betsaka izy ireo, saingy nanalavitra ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany dia niantso lehilahy iray tsy tao anatin'ny laharan'izy ireo mihitsy Andriamanitra, ary nandefa azy niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE.

27 Ary mariho hoe ahoana no Iahiany ny Azy Manokana. Talohan'ny Nandefasany an'ity mpaminany ity niaraka tamin'ny hafatra, dia hoy Izy hoe, "Ry Elia, mandehana mankany ka teneno amin'i Ahaba Mpanjaka ireo zavatra ireo. Ary ankehitriny, rehefa vitanao, dia ampanalaviro azy haingana mihitsy ny tenanao, fa efa nanamboatra toerana iray ho anao Aho mandritry ny hain-tany. Hikarakara anao Aho, ry Elia, raha hitory Ny Teniko fotsiny ianao, hanao fotsiny an'izay Teneniko aminao mba hatao."

28 Ankehitriny hanao tandindona an'io asam-panompoana lehibe io aho, izao hariva izao, ny an'i Elia sy ny andron'i Elia, amin'ny ora izay misy antsika ankehitriny. Mino aho fa tandindona tanteraka iray Izany. Mieritreritra an'ireo firenena aho . . . raha izaho . . . nanana fotoana niverenana tany aoriana isika, saingy te-hametraka fotoana betsaka ao amin'ny laharam-bavaka aho.

29 Noho izany raha afaka niverina isika ka nijery, Isiraely dia naka an'i Palestina teo amin'ny fototra iray ihany izay nakantsika an'ity Etazonia ity. Niditra teto amin'ity Etazonia ity isika ary nandroaka an'ireo mponina, izay ireo Indiana, ka naka an'ilay tany. Ary toy izany koa no nidiran'ny Isiraely tao Palestina, teo ambany fitarihan'i Josoa, teo ambanin'Andriamanitra, ary nandroaka an'ireo mponina ka naka an'ilay tany.

30 Ary lehilahy mahery ireo mpanjakan'izy ireo voalohany; Davida, Solomona, ary lehilahy malaza. Lehilahy malaza ireo filohantsika voalohany; Washington, Lincoln, sy ny sisa. Avy eo tamin'ny farany ireo filoha na ireo mpanjaka dia lasa nihalò hatrany foana, ary niafara tamin'io Ahaba io tamin'ny farany. Tena tandindona, ara-tandindon'ny androntsika. Ary lasa tena moderina ilay vahoaka ka tsy tian'izy ireo ny mandre ny Tenin'ny Tompo marina.

31 Dia azonareo eritreretina, eo amin'ny vahoaka moderina iray tahaka an'izany, hoe ho toy ny ahoana ny mpanompon'Andriamanitra tena marina iray amin'izy ireo. "Nahoana, adala izy, tsy ao amin'ny sainy. Tsy hisy ny zavatra tahaka an'izany." Mivavaka izy ireo, tena mpivavaka. Nanana lehilahy tso-po izy ireo, nanana vahoaka tso-po. Tena mpivavaka izy ireo.

32 Noho izany fantany fa hila mihoatra nohon'ny teolojia tsotra iray fotsiny izany, hila mihoatra nohon'ny—nohon'ny hafatra tsotra iray izany, hila mihoatra nohon'ny fitoriana ny Teny fotsiny izany, mba hamaky ny fo vaton'izy ireo. Fantany fa nila ny HOY NY TOMPO HOE izany mba handefa an'ilay fitsarana eo amin'io vahoaka io, noho izany dia fantany rehefa nandeha niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE izy. Ary izany no HOY NY TOMPO HOE. Ny manao tsinontsinona an'Izany, dia fitsarana. Isika dia mahita an'izany amin'ny androntsika, ihany koa. Mahita an'izany isika amin'ny andro rehetra. Tsy misy na inona na inona tavela afa-tsy fitsarana rehefa manitsaka eo ambonin'ilay tsipiky ny famindrampo ianareo.

33 Ankehitriny, io tandindona eo io, izany, hanao tandindona an'i Elia amin'ilay fiangonana amin'izao andro izao aho, ny fiangonan'izao andro izao. Mialohan'ny fitsarana mihitsy, no nandraisany an'io hafatra io. Elia, izy dia naneho, rehefa voakarakara tao amin'ilay ara-nofo, ny sakafony ara-nofo, satria tsy ho avy ny orana ankehitriny, araka ny Tenin'Andriamanitra, mandritry ny telo taona sy enim-bolana, na raha tsy i Elia no niantso azy. "Na fotoana inona no lazainao, ry Elia, dia amin'izay no hisiany." Noho izany dia nandeha nankany amin'ilay mpanjaka izy, ka nanao hoe, "Tsy hisy ando akory aza hilatsaka raha tsy izaho no miantso azy." Izany no tena—tena fahana iray, sa tsy izany? Izany no tena hafatra iray!

34 Ary hanao tandindona an'izany isika ankehitriny amin'ilay hain-tany ara-panahy an'izao andro izao. Ankehitriny, mahafantatra isika rehetra, tena mahalala isika, fa misy hain-tany ara-panahy eto amin'ny tany amin'izao andro izao, amin'ny fiteny ara-panahy. Ary, fantatrareo, efa nolazain'ireo mpaminany mialoha izany, alohan'ny Fihavian'i Kristy faharoa mihitsy, nanao hoe, "Hisy mosary eo amin'ny tany, ary tsy ho an'ny mofo fotsiny izany, fa ho an'ny fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra." Ary izany andro izany dia izao ankehitriny izao, "fandrenesana ny Tenin'Andriamanitra marina." Ankehitriny, izany no manao tandindona an'ilay hain-tany ara-nofo amin'ny ara-panahy.

35 Ny fahotana sy tsy finoana, noho ireo mpampianatra sandoka sy moderina ao amin'ny fiangonana, no nitondra an'ilay toerana ho eo amin'io fitsarana ho tonga, izay manatona io. Noho izany niala tamin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny Mpaminaniny izy ireo, ho amin'ny fepetra ara-teolojia moderina ny amin'ny Teny.

36 Raha mahamarika ianareo eto, dia amin'izany fotoana izany foana mihitsy Andriamanitra no manangana zavatra anankiray. Satria, Izy, isan'andro, tsy manao na inona na inona Izy raha tsy Ambarany amin'ny olona aloha izany, ary Ambarany amin'ny alàlan'ireo Mpanompony foana.

37 Ankehitriny, fa Elia, nandritr'ity fotoana ity, dia nanana toerana miafina iray izay nandidian'Andriamanitra azy handehanana. Izany ilay zavatra izay tiantsika ho hita ankehitriny mialoha indrindra ny hanaovantsika ny laharam-bavaka. Nanana toerana miafina iray i Elia izay nomanin'Andriamanitra Izy tenany. Ankehitriny, tsy nanomana an'izany ho azy mihitsy ny fiangonana, tsy nanomana an'izany ho azy mihitsy ilay mpanjaka, izy tsy nanomana ho an'ny tenany, fa Andriamanitra no nanomana toerana miafina iray ho an'i Elia mba ho voafahana foana mandritry ny hain-tany, izay nisy ny sakafony voaomana isan'andro isan'andro. Tsy nila nanontany an'izay hiseho rahampitso izy na hanontany raha nihena ilay famatsiana. Hoy Andriamanitra hoe, "Efa Nodidiako ireo goaika ary izy ireo no hamelona anao." Zavatra mahafinaritra toy ny inona, tandindona iray an'ny toerantsika miafina ao amin'i Kristy.

38 Rehefa ny fivoriambe maneran-tany sy izay rehetra miseho amin'izao andro izao, izay manao hoe, "Efa lasa ireo andron'ny fahagagana." Nesorina tao amin'ny fiangonana ireo hery lehiben'Andriamanitra. Izy ireo dia toy ny hoe, tsy misy intsony, izy ireo dia tsy manana afa-tsy "varahina maneno sy kimpantsona mikitrana." Fantatsika fa izany no fahamarinana. "Ary endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny."

39 Zavatra mitovy tamin'izay nataon'i Davida fotsiny izany, aninkeo maraina, niaraka tamin'ilay saretin'omby, lasa nanalavitra ny Teny. Rehefa naseho teo amin'izy ireo ny Teny ary nomena azy, dia tsy nilain'izy ireo Izany; noho izany, lasa nanalavitra an'Izany izy ireo.

40 Izany no nataon'ireo vahoaka ireo tamin'ny andron'i Elia, lasa nanalavitra ny Teny. Nihevitra izy ireo fa nanana ny Teny, saingy tsy nanana Azy. Noho izany mariho avy eo tao amin'ny. . .

41 Nandritry ny fotoana izay Hanasaziany ny tsy mpino, dia nanao làlana iray ho an'ny mpino Izy. Zavatra tahaka an'izany foana no Ataony. Tamin'ny andro izay Handravany an'izao tontolo izao tamin'ny rano, dia nanao làlana iray handosirana ho an'i Noa Izy. Tamin'ny andro izay Handentehany an'i Egypta, dia nanao làlana iray handosirana teo amin'ilay ranomasina ho an'ny Olony Izy. Toy ny ahoana no anaovan'Andriamanitra ny Làlany! Ary eo amin'izay tsy misy làlana, dia Izy io Làlana io. Izy io Làlana io!

42 Ankehitriny fantatsika fa isika dia manatrika ny sasany amin'ny . . . anankiray amin'ireo ora lehibe indrindra izay tsy mbola fantatry ny tantara mihitsy. Ilay izy tsy tena hoe ilay vavabasy miaraka amin'ny bala afomanga mamirapiratra, miaraka amin'ny lohany iray eo aminy, no tokony hatahorantsika. Ireo fiangonana no tokony hatahorantsika. Ilay ora izay iainantsika no tokony ho dinihantsika.

43 Ankehitriny mariho, fa nanao làlana iray ho an'i Elia Andriamanitra mba handosirany an'izany. Ary nanao làlana iray ho an'ireo Zanany mino Izy mba handosirany an'izany ankehitriny, ilay fahatezerana sy ny sisa izay ho avy.

44 Satria, tsy afaka ny ho marina Andriamanitra raha nitsara an'ireo olona ireo ary nandefa fanasaziana ho azy ireo, ka nandentika an'i Sodoma sy Gomora, sy nandentika an'i Kapernaomy tao afovoan'ny ranomasina, sady nanameloka an'ireo taranaka ireo, ary i Sodoma sy Gomora, nefa avy eo dia hamela antsika hanao an'ilay zavatra mitovy ka ho afaka amin'izany. Isika dia azo antoka fa ho an'ny fitsarana tahaka azy ireo azo antoka fa ho an'ny fitsarana. Ankehitriny mahamarika isika fa ny . . .

45 Rehefa niseho ireo zavatra ireo, ilay firehana moderina an'io andro io, dia efa nanangana lehilahy iray Andriamanitra tamin'io andro io, na nanangana lehilahy iray, raha ny marina, mba hiady amin'ireo hery, fa tsy nihaino an'izany izy ireo. Nihevitra izy ireo fa adala izy, "Veriny ny sainy. Fanatika antitra iray fotsiny izy, adala avy tany an-efitra, karazan'ny nataon'ny bozaka lasa adala." Saingy, kanefa, nanana ny Tenin'ny Tompo izy.

46 "Tsy entitra amin'izay Lazainy ny Teny," hoy izy ireo amin'izao andro izao. "Oh, eny, bokin-tantara iray ny Baiboly." Ataoko fa efa nahita an'izany ianareo, izay lazain'izy ireo ankehitriny, hoe, "Tsy nihinana paoma i Eva, izy dia nihinana ny . . ." Inona moa ilay izy? Mino aho . . . "Paiso iray ilay izy," hoy izy ireo ankehitriny. "Paiso iray ilay izy." Ary avy eo, hoe, "Tsy nitondra an'ireo zanaka niampita ny Ranomasina Mena mihitsy i Mosesy. Ilay izy dia andian-jozoro goavana iray, tery amin'ny ilany hafa an'ilay ranomasina, ary nandeha teo amin'ny ranomasin-jozoro iray izy." Koa ahoana àry no nahatonga an'ilay rano, r-a-n-o, ho lasa rindrina teny amin'ireo lafiny anankiroa; nandeha niampita teo amin'ny tany maina izy ireo, tamin'izay fotoana izay? Oh, tena fahadalana! Saingy, hitanareo, izany ilay karazana andro izay ilaina mba hampidina ny fahatezeran'Andriamanitra eo amin'ny olona. Izany no manao an'ilay izy.

47 Milaza izy ireo fa tsy misy ny zavatra tahaka an'izany toy—toy ireo . . . Na ireo olon'ny fiangonana aza dia tsy mino ny fahagagana. "Homeko arivo dolara ianao," hoy izy ireo,

"anehoy fahagagana iray aho. Anehoy fahagagana iray aho!" Eny, tsy afaka hahita an'izany izy ireo na zavatra iray alina aza no efa natao teo anatrehany. Nahoana, izy ireo, tsy hahita an'izany mihitsy izy ireo.

Hoy ianareo hoe, "Izany ilay tsy azo atao." Oh, tsia, tsy izany ilay izy.

48 Tany Dotana i Elia indray andro, ary tonga ny tafika Syriana ka nanodidina an'ilay tanàna, mba haka azy, satria fantatr'izy ireo fa ny—ny nitoeran'ny herin'ilay firenena, dia tao amin'io mpahita io. Nahoana, ilay mpanjaka . . . Niteny tamin'ny mpanjakan'i Syria ny anankiray tamin'ireo lehilahy, nanao hoe, "Nahoana, fantatrao, Elia mpaminany, ilay Tisbita, no miteny amin'ny mpanjakan'ny Isiraely an'izay resahanao ao amin'ny efitrao miafina."

49 Hoy izy, "Mandehana alaivo io zalahy io! Izany ilay lehilahy izay misakana antsika." Ary nitsofoka moramora nanerana an'i Dotana ilay tafika Syriana manontolo. Nanodidina azy izy rehetra.

50 Ary Gehazy, ilay—ilay mpanompon'ny mpaminany, dia nifoha, ka hoy izy hoe, "Oh, raiko, manodidina antsika eto daholo ireo tafika. Voahodidina tanteraka isika."

51 Hoy izy hoe, "Nahoana, ny momba antsika dia be lavitra nohon'ny momba azy ireo." Hitanareo?

Ary nijery manodidina i Gehazy, hoy izy, "Tsy mahita na iza na iza aho."

52 Hoy izy hoe, "Tompo Andriamanitra, sokafy ny mason'ity zazalahy ity." Dia nisokatra ny masony, ary feno Anjely sy kalesy nipetraka manodidina an'ireo havoana rehetra, ireo Tafika tsy hita maso.

53 Nanatona teo avy hatrany i Elia, ary hoy ny Baiboly hoe, "Nasiany fahajambana izy ireo." Nanatona azy ireo izy; jamba taminy izy ireo. Nandeha izy ka nanao hoe, "Mitady an'i Elia ve ianareo?"

Hoy izy hoe, "Eny, mitady azy izahay."

54 Hoy izy, "Avia, ho lazaiko anareo avy hatrany izay misy azy," ary notarihany avy hatrany tao amin'ilay otrika izy ireo, teo amin'izay nandehanan'ireo tafika avy hatrany mihitsy ka nahazoany azy ireo.

55 Ankehitriny, hoy ny Baiboly hoe, "Nasiany fahajambana izy ireo." Milamina hatreo ilay izy. Ary tena jamba ara-panahy ny olona amin'izao andro izao, na nidina teo afovoan'ny olona aza ny Tompo Andriamanitra ka manao ny zavatra rehetra, sy ireo zavatra izay Nampanantenainy, dia mbola tsy afaka mahita an'Izany foana izy ireo. Jamba ara-panahy izy ireo; tsy mahafantatra an'Andriamanitra, tsy mahafantatra Ny

Heriny lehibe. Ankehitriny, mahamarika isika fa izany no nataon'izy ireo tamin'ny andron'i Elia, ary mbola izany no ataon'izy ireo amin'izao andro izao. Manisy fahajambana azy ireo Andriamanitra. Milaza izy ireo amin'izao andro izao, hoe, "Tsy misy ny fahagagana, tsy misy ny karazan-javatra tahaka an'izany, fientanam-po io rehetra io."

56 Ary nilaza an'ilay zavatra iray ihany mikasika an'i Elia izy ireo, satria rehefa nakarina izy ka i Elisa no naka ny toerany, tovolahy iray, lasa sola loha, tanora, dia nihazakazaka taoriany ireo zanany, ka nanao hoe, "Ry antitra sola loha, nahoana ianao no tsy niakatra niaraka tamin'i Elia?" Hitanareo, tsy nino an'Izany akory aza izy ireo tany am-piandohana, ireo olona, taorian'ireo zavatra maro izay efa vita. Ary nafindra nankany An-danitra tamin'ny kalesy afo iray ity lehilahin'Andriamanitra malaza ity, nefa mbola tsy nino an'Izany foana ireo olona. Ary navelany ireo zanany kely hihazakazaka taorian'io lehilahy io ka nanao hoe, "Ry antitra sola loha, nahoana ianao no tsy niakatra?" Hitanareo? Ary tamin'izay fotoana izay dia nozonin'ilay mpaminany ireo ankizy, ka bera vavy iray no namono ny roa amby efapolo tamin'izy ireo.

57 Ankehitriny mariho. Amin'izao andro izao, tahaka ny tamin'izany, dia mametraka ny fandikany manokana eo amin'ny Teny izy ireo. Ankehitriny, raha te-hanao an'izany izy ireo, dia miankina amin'izy ireo izany, saingy miezaka ny hanao antsika hino an'izany izy ireo. Ny Baiboly no nilaza fa, "Ity Tenin'Andriamanitra ity dia tsy avy amin'ny fandikana manokana." Andriamanitra no manao ny Fandikany Manokana. Andriamanitra no manamarina Ny Teniny, ary izany no fandikana an'Izany. Araka ny nolazaiko matetika, nilaza Izy tany amin'ny voalohany hoe, "Aoka hisy mazava," dia nisy mazava. Tsy mila hadika izany; nitranga ilay izy. Hoy Izy hoe, "Hanan-anaka ny virijiny," dia nanana izy. Nilaza Izy fa Izy dia "handatsaka Ny Fanahiny," nandatsaka Izy. Ary hoy Izy hoe, "amin'ny andro farany," ireo zavatra izay Hataony, dia Ataony izany! Tsy mila fandikana iray izany; Andriamanitra no manao ny Fandikany Manokana. Tsy mampaninona izay lazain'ny olona adala, fa tsy hampijanona an'Andriamanitra izany na kely aza.

58 Rehefa teto an-tany Jesosy, dia nanana tsy finoana tsy maintsy natrehana betsaka noho izay ananantsika amin'izao andro izao Izy, ary mihoatra aza angamba. Saingy tsy nampijanona Azy izany; nanohy avy hatrany nanatanteraka sy nanao ny Andraikiny Izy, ary Andriamanitra no nanamarina ny zavatra rehetra izay Nataony. Hoy Izy hoe, "Tsy Irery Aho. Izaho sy Ny Raiko dia iray ihany; mitoetra ato Amiko Izy. Tsy Izaho no manao an'ireo asa, fa ny Ray izay mitoetra ato Amiko. Ary raha tsy manao ny Asany Aho, dia aza mino Ahy amin'izay fotoana izay; fa raha manao ny asa Aho ka mbola tsy mety

mino Ahy ianareo, dia minoa an'ireo asa." Hitanareo? Amin'ny teny hafa, izy ireo. . . "Zahao ny Soratra," hoy Izy, "fa ao no heverinareo fa hahazoanareo ny Fiainana Mandrakizay, dia amin'ny fahalalana ny Soratra. Ary ny Soratra, Izy tenany, no manambara Ahy." Amena! Filazana iray toy ny inona! "Izy ireo no, ireo Soratra, miteny aminareo hoe Iza Aho," hoy Jesosy.

59 Ary ireo Soratra no miteny aminareo an'ilay ora izay iainantsika. Ary ireo zavatra izay hitanareo fa vita, dia izany no Andriamanitra Izy tenany eo anivon'ny Olony. Tsy misy na inona na inona afaka manangana ny maty afa-tsy Andriamanitra. Tsy misy na inona na inona afaka manao an'ireo zavatra izay Ataony ankehitriny afa-tsy Izy. Satria hoy ny Baiboly hoe, "Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay."

60 Hitantsika ankehitriny ilay firehana moderin'ny olona, noho izany, "Oh, efa lasa ireo andro, tsy misy izany karazana fahagagana izany. Miasa ara-pihetseham-po daholo ny olona."

61 Henoy ity Elia ity, ilay mpaminany, miantsoantso manohitra azy ireo sy ireo teolojianiny. Mariho, mariho, niteny toy ny hoe izy mihitsy no Andriamanitra Izy tenany. Elia dia niteny toy ny hoe izy mihitsy no Andriamanitra Izy tenany hoe, "Tsy hilatsaka avy any an-danitra ny ando raha tsy izaho no miantso azy." Amena! Eny, tompoko. Efa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra ela be ilay mpaminany!

62 Ireo mpaminanin'ny Testamenta Taloha, na tamin'ny fotoana rehetra, rehefa niaina tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ireo mandra-pahatongany ho ny Teny, ny Hafany dia ny Teny Izy tenany. Ary, tsarovy, hoy izy hoe, "HOY NY TOMPO HOE." Ary rehefa nahazo an'ireo hafatra avy tamin'Andriamanitra ireo lehilahy ireo, ary lasa tena voarakotra izy ireo ka ny fisainany manokana. . . Mety ho nifanohitra tamin'ny fisainany ilay izy, izy ireo mety tsy afaka ny—ny nahita tsara an'ilay izy. Fa niteny ny Tenin'Andriamanitra izy ireo hoe, "HOY NY TOMPO HOE."

63 "Tsy hisy ranonorana mihitsy raha tsy izaho no miantso azy." Oh, filazana iray toy ny inona! Efa tao amin'ny Fanatrehan'Andriamanitra izy ary efa nohamarinina tanteraka mihitsy. Ary, tsarovy, manaraka ny Amosa 3:7 ihany koa izany hoe, "Tsy hanao na inona na inona ny Tompo Andriamanitra raha tsy Ambarany amin'ireo mpaminany Mpanompony aloha izany." Hoy izy, "Tsy hisy orana hilatsaka mihitsy!" Izy aloha. . .

64 Nihomehezan'izy ireo izy, nihevitra izy ireo fa adala izy, "Io fanatika io!" Saingy, hitanareo, nanana ny HOY NY TOMPO HOE izy fa tsy ho avy ny orana. Ary, Andriamanitra, talohan'ny nanaovany an'izany, dia Nambarany tamin'i Elia Mpanompony izany. Ary mpaminany iray voamarina izy, voaporofo, noho izany tokony ho nibebaka ny olona. Saingy,

raha tokony ho izany, dia nihomehezan'izy ireo izy, nanao hoe, "Oh, manana orana betsaka izahay! Feno ny fitehirizan-drano. Mikoriana tsara ireo renirano."

65 Nilaza ny Baiboly fa, "Tsy nisy ando akory aza nandritry ny telo taona sy enim-bolana." Ny renirano rehetra sy ny rano dia maina, hatraiza hatraiza. Tsy io lehilahy io izany, Andriamanitra niteny tamin'ny alàlan'io lehilahy io izany. Izany no "Izaho" izay izy. Mahafantatra foana isika. Noho izany izy . . .

66 Hitantsika fa rehefa tonga ny lehilahy iray, nirahin'Andriamanitra, voatendrin'Andriamanitra, miaraka amin'ilay HOY NY TOMPO HOE marina, ilay hafatra sy ilay iraka dia anankiray ary iray ihany. Satria nirahina haneho ny HOY NY TOMPO HOE izy, Teny amin'ny Teny, noho izany izy sy ny hafany dia iray ihany.

67 Ny lehilahin'anaram-piangonana iray eo ambanin'ireo fiarovan'anaram-piangonana, izy sy ny fiangonany dia "iray." Ny teolojiana iray eo ambanin'ny teolojia, nataon'ny anaram-piangonana iray, izy sy ny hafany dia iray; fiangonan'ny teolojia, teolojiana iray. Tena marina izany.

68 Noho izany rehefa tonga ny lehilahy iray miaraka amin'ny HOY NY TOMPO HOE, izy sy ny Hafany dia iray. Ary rehefa tonga niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE i Elia, izy sy ny hafany dia lasa iray. Tahaka an'i Jesosy mihitsy, rehefa tonga Izy, Izy no Teny, Masindahy Jaona 1. Noho izany ny Tenin'Andriamanitra sy ny irak'ilay taona dia zavatra iray mitovy, hatrany. Marina izany.

69 Jesosy no Teny izay naminaniana. Izy no nolazain'ireo mpaminany fa hitranga, "Hanan-anaka ny virijiny ka hiteraka an'io Zazalahy io." Tany aoriana tany tamin'ny voalohany, dia niteny tamin'izy ireo Andriamanitra, nanao hoe, "Hanorotoro ny lohan'ny menarana ny Taranaky ny vehivavy, ary hanorotoro ny voditongony izy." Efa nomena ireo faminaniana rehetra ireo. Niantsoantso i Davida, ny sisa rehetra tamin'ireo mpaminany nandritr'ireo taona, dia niresaka ny Aminy. Izy io Teny voaseho io! Haleloia!

70 Ankehitriny hitanareo ve izay ezahako hahatongavana? Niresaka taminareo mazava tsara aho aninkeo maraina. Tsy hitanareo ve ny fahefan'ilay Andriamanitra velona ao amin'ny Fiangonana velona, ny Ampakarina? Sitrana ireo marary, mitsangana ny maty, mamindra ireo kilemaina, mahita ny jamba, mivoaka amin'ny Heriny ny Filazantsara, satria ny Hafatra sy ny iraka dia iray ihany. Ao amin'ny Fiangonana ny Teny, ao amin'ilay olona.

71 Tao amin'i Elia ny Tenin'Andriamanitra rehefa nandroso teo niaraka tamin'ny HOY NY TOMPO HOE izy, ka nanao hoe, "Tsy ho avy ny orana." Tsy i Elia izany; Andriamanitra tao amin'i Elia izany.

72 Nilaza matetika aho, tahaka ny notenenin'ilay ramatoan'ny Siansa Kristiana tamiko indray mandeha. Efa niteny an'izany matetika aho mikasika an'io. Hoy izy hoe, "Atoa. Branham, manao fandokafana be loatra an'i Jesosy ianao."

Hoy aho hoe, "Antenaiko fa izany no zavatra tokana izay tsy maintsy hovaliako."

Dia hoy izy hoe, "Miezaka ny manao Azy ho avy amin'Andriamanitra ianao."

Hoy aho hoe, "Avy tamin'Andriamanitra Izy."

73 Hoy izy, "Oh, mpaminany iray Izy, lehilahy tsara iray Izy, fa tsy avy tamin'Andriamanitra Izy."

74 Dia hoy aho hoe, "Eny, ampisehoy Soratra anankiray aho izay milaza fa tsy izany Izy."

75 Hoy izy hoe, "Ao amin'ny Bokin'i Masindahy Jaona, voalaza fa Izy dia 'nitomany' rehefa nandeha teo amin'ny fasan'i Lazarosy Izy."

76 "Eny," hoy aho, "azo antoka, nitomany Izy. Sady olombelona Izy no avy tamin'Andriamanitra. Olona iray Izy, rehefa nitomany; fa tsy maintsy ho Andriamanitra Izy mba hanangana an'ilay maty." Marina. Hoy aho hoe, "Olona iray Izy, rehefa noana; fa Andriamanitra Izy rehefa namahana dimy arivo, niaraka tamin'ny bisky vitsivitsy sy trondro dimy." Marina izany. "Olona iray Izy, rehefa natory tany aorian'ny sambo iray; fa Andriamanitra tao Aminy no afaka nampitony an'ireo rano." Satria nahoana? Izy sy Ny Hafany dia iray.

77 Hoy Izy hoe, "Izaho sy Ny Raiko dia iray. Mitoetra ato Amiko Ny Raiko." Izy no fahafenoan'ny Maha-Andriamanitra ara-batana.

78 Heveriko fa tena nanaitra ilay izy indray andro, rehefa nitondra an'*Ireo Taona Fiton'Ny Fiangonana* aho. Teo am-panombohana aloha, izaho—izaho dia tsy nety nahazo fa Jesosy no nitsangana teo niaraka tamin'ireo. . . niaraka tamin'ilay fotsy teo Aminy tahaka an'io, nanao hoe, "Ny Volony dia fotsy tahaka ny volon'ondry." Tsy nety azoko hoe ahoana ny lehilahy iray telo amby telopolo taona no ho fotsy toy ny oram-panala.

79 Niantso teolojiana tsara iray aho, teolojiana Pentekotista, sakaiza tsara malala iray. Eny, Rahalahy Jack Moore izany. Lehilahy manan-tsaina izy, mahay. Hoy izy hoe, "Rahalahy Branham, Jesosy nomem-boninahitra izany. Tahaka an'izany Izy rehefa avy nomem-boninahitra Izy." Tsia, tsy nety nino an'izany aho. Tsia.

Izaho—izaho—izaho dia nanao hoe, "Eny, Rahalahy Moore, misaotra anao."

80 Nandeha tao amin'ilay efitra aho ary nandeha niresaka tamin'Andriamanitra. Nohamariniko ny fampitahako mba

haka Azy tao amin'ny Daniela, izay nilazana hoe, "Ary nanatona ny Fahagola izy Izay nanana volo fotsy toy ny volon'ondry." Hoy aho hoe, "Tompo, izaho—izaho—izaho dia tsy mahafantatra izay ho lazaina, ary manana an'ilay andraikitra aho." Ankehitriny, izany dia talohan'ny fi-. . . ary tsarovy, talohan'ny nanokafana an'ireo Tombokase Fito, teo amin'ny herintaona na mihoatra, nialoha. Nivavaka tao aho hoe, "Tompo, inona izany?"

81 Fa nijery aho, nitsangana teo anoloako, ary nitsangana teo ny lehilahy iray ary mpitsara izy, ary nanao solovolo fotsy iray. Ireo mpitsara tamin'ny andro fahiny dia nanao solovolo fotsy taloha mba hanehoana fa izy no fahefana faratampony.

82 Ary avy eo rehefa nahita an'i Jesosy niaraka tamin'ilay solovolo fotsy aho, dia nilaza fa izany no manamarina fotsiny ihany ny fahamarinana izay fantatsika, hoe Izy no Fahefana Faratampony. Nijoro vavolombelona an'ilay zavatra iray ihany Andriamanitra teo amin'ny Tendrombohitra Fiovan-tarehy, nanao hoe, "Ity no Zanako Malalako, henoy Izy, ilay Fahefana Faratampony!"

83 Avy eo tany amin'ny fanombohana an'ireo Tombokase Fito, rehefa nidina tao amin'ny endrika pyramida ireo Anjely fito ireo, nitsangana teo ary niteny tamiko mba hiverina eto ka hiresaka ny amin'ireo Tombokase Fito ireo, fa homba ahy Izy, dia Nasehony tamiko hoe inona izy ireo, ireo zavatra very. Nieritreritra foana aho fa voaisy tombokase tao ambadik'ilay Boky izany ary ho zavatra tsy nosoratana tao amin'ilay Boky, saingy nivadika ilay izy ka nampahafantarina fa tsy afaka manao an'izany Izy. Izany dia tsy zavatra iray izay voasoratra tao anatin'ilay Boky. . . Izany dia zavatra izay nafenina tao anatin'ilay Boky. "Fa na iza na iza hanaisotra Teny anankiray avy ao amin'Izany na hanampy teny anankiray amin'Izany. . . " Noho izany zava-miafina iray izay efa tao anatin'ilay Boky izany tao amin'ireo taona fiton'ny fiangonana ireo. Ny tsirairay avy tamin'izy ireo dia namokatra ny—ny zava-miafina iray, ny rehetra mikasika ny batisan'ny rano sy ireo zavatra hafa izay nampitavozavoza azy ireo saiky ela be.

84 Avy eo rehefa niakatra izany, ireo trano fandinihana goavana avy tany California tany, hatrany Mexique mihitsy, tany Tucson, hatraiza hatraiza, dia naka ny sarin'Izany. Fahitana mahagaga iray izany. Rahalahy Fred Sothmann tany, mipetraka ery aoriana ery mihitsy, ary izaho sy Rahalahy Gene Norman, dia nitsangana tany mihitsy nanatrika rehefa niakatra Izany. Naka an'ilay sary izy ireo, nefa mbola tsy fantany foana hoe inona ny mikasika an'izany. Teto indray andro vao tsy ela akory izay, ny olona rehetra nanao hoe, "Jereo eto. Ity dia mitovy amin'*ity*, ary ny elatr'ireo Anjely, ahoana no nivalonan'izy ireo teo."

85 Indray andro, navadiko nankany ankavanana ilay izy, nojereko, teo Jesosy Kristy tanteraka mihitsy tahaka ny nanaovan'i Hofmann sary Azy. Nitsangana teo Izany nanao solovolo fotsy, nijery ambany nankany amin'ny tany, naneho fa Izy no Fahefana Faratampony. Manambara an'izany ireo Lanitra, manambara an'izany ny Baiboly, manambara an'izany ny Hafatra, ny rehetra mitovy. Fahefana Faratampony, manao an'ilay solovolo fotsy; hitanareo ny Volombavany mainty eo ambany. Maro aminareo no efa nahita an'ilay sary. Manana an'izany isika iry aoriana iry. Avadiho fotsiny mankany amin'ny ankavanana ilay izy, any amin'ny ilany, dia jereo. Io Izy, tanteraka arak'izay naha-izy azy, raha nalaina sary ny Aminy. Jeren'izy ireo avy eo amin'ny lafiny tsy izy izany. Tsy maintsy mijery azy ao amin'ilay lafiny marina ianareo. Ary ny Tompo Andriamanitra irery ihany no afaka manambara hoe iza ilay lafiny marina. Ary avadiho mankany amin'ny ankavananareo ilay izy dia jereo. Io Izy, tena tanteraka mihitsy, nalaina sary tany.

86 Ny fotoana voalohany hany nahitako Azy, Izy dia nitovy tamin'ilay *Lohan'ny*. . .Hofmann. Tsy mbola nahita an'izany mihitsy aho taloha. Ary tao amin'ny tabernakla an'i Billy Sunday, taona maro taty aoriana, no nahitako azy. Tsy nitsahatra tsy nisy ny anankiray tamin'ireo sary ireo ny tranoko nanomboka teo.

87 Avy eo, teto teny amin'ny lanitra, nilaza aho fa ilay tena Andriamanitra mihitsy izay hitako tao amin'io fahitana io teto, zazalahy kely iray fotsiny teo akaikin'izay misy an'io trano sekoly eto io, dia nijery tahaka an'izao Izy. Ary indro teny amin'ny Lanitra, telo amby telopolo taona taty aoriana, nanambara an'ilay izy, hoe izany no fahamarinana. Tahaka an'izany Izy; fa tsy zavatra angano avy amin'ny hevitr'olona iray.

88 Tahaka ny ao Vatican, izy ireo dia manana ny—ny—ny Kristy iray natao sary any, miaraka amin'ny faribolana kelin'ny volombava fotsy iray na faribolan'ny volombava iray manodidina ny Saokany, eo amin'ny antsasaky ny inch eo ny halavany, mandeha manodidina ny tampon'ny Vavany ary tahaka an'*izao*, ka miantso an'izany ho ilay Kristy.

89 Izany dia mametraka ato an-tsaiko fotsiny ny amin'ny artista Grika iray izay hitako indray mandeha tao amin'ny katedraly tranainy iray, naneho hoe toy ny ahoana i Adama sy Eva; toy ny biby izy ireo na tahaka an'izany. Izany no ahafahan'ny fisainana ara-nofo mahita ny zavatra ara-panahy iray. Mihevitra aho fa i Adama no lehilahy tsara tarehy indrindra izay hany velona, ary i Eva no vehivavy tanteraka tamin'ny fomba rehetra.

90 Ankehitriny ireo fisainana ara-nofo dia manarona an'ilay Zavatra ao amin'ny hevitr'izy ireo manokana, amin'izay

fotoana izay Andriamanitra no mampidina ary mampiseho an'ilay Zavatra amin'ny alàlan'Ny Heriny. Izany marina tokoa no niseho teto tamin'ny andron'i Ahaba.

91 Ankehitriny, hitantsika fa afaka niteny an'izany i Elia satria ilay Hafatry ny ora sy ny Tenin'Andriamanitra . . . Ilay iraka, ilay Hafatra—ilay Hafatra, ary ny Teny, dia zavatra iray ihany marina tokoa. Ny mpaminany, ny Teny, ny Hafatra; iraka, Hafatra, ary Hafatra, dia iray ihany. Hoy Jesosy hoe, "Raha tsy manao an'ireo asa izay nanoratana Ahy Aho, amin'izay fotoana izay aza mino Ahy." Tsara izany. Ny lehilahy rehetra sy ny hafany dia iray.

92 Izany no antony tsy inoan'izy ireo ny fanaovana an'ireo asan'Andriamanitra amin'izao andro izao, satria tsy manaiky an'ilay Hafatr'Andriamanitra izy ireo. Tsy mino an'ilay Hafatra izy ireo.

93 Fa ireo izay mino ny oran'Andriamanitra izay iainantsika, dia ireo zavatra ireo no Sakafo miafina. Eritrereto fotsiny, tena nafenin'Andriamanitra Izany mba hijeren'izy ireo an'Izany mihitsy ka tsy ahitany an'Izany. Tahaka an'izany no nanajamban'i Elia ny tafika Syriana. Tahaka an'izany no anajamban'Andriamanitra ny tsy mpino amin'ilay tena Sakafon'ny ankizy tena izy, ilay mpino.

94 Izany no niantsoan'izy ireo an'i Noa hoe, "fanatika iray," nanamboatra sambofiara iray, nisokatra teo amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny teny fikasana ireo masony. Ilay tena zavatra izay nantsoin'izy ireo mihitsy hoe fanatisma, no namonjy an'i Noa sy ny fianakaviany. Hitanareo, ilay tena zavatra iray ihany. Ilay zavatra izay ihomehezan'ny olona, no zavatra izay ivavahantsika. Ilay zavatra izay antsoin'ny olona hoe "adala," no antsointsika hoe "Lehibe!" Izay antsoin'izao tontolo izao hoe "lehibe," no antsoin'Andriamanitra hoe "fahadalana." Ary izay antsoin'izao tontolo izao hoe "fahadalana," no antsoin'Andriamanitra hoe "Lehibe!" Izany marina tokoa no fifanoherana eo amin'ny Marina sy ny diso. Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

95 Tsarovy, niditra tao amin'ny toerany miafina i Elia araka ny drafitr'Andriamanitra, araka ny antson'Andriamanitra, sy ny Tenin'Andriamanitra. Niditra tao amin'ny toerany miafina izy araka ny fahalalan'Andriamanitra mialoha (drafitra), sy ilay antso teo amin'ny fiainany, ary araka ny Teny. Raha tsy izany no fomba nidirantsika, dia tsy fantatro hoe ahoana no hahatonga antsika ao.

96 Ary mariho, talohan'ny nanombohan'ilay hain-tany, dia niditra tao amin'io toerana miafina io i Elia ho an'ny fahavelomany. Tena tandindona iray hoe alohan'ny hanombohan'ny fitsarana hamely ny tany mihitsy, dia efa nantsoina nivoaka ny Fiangonana, efa voafidy ny Ampakarina,

ary miandry fotsiny alohan'ny hamelezan'ny fitsarana. Efa miandry, mihinana an'ilay Sakafon'Andriamanitra, mifaly amin'ireo fitahian'Andriamanitra. Ny olona rehetra ao amin'ny sainy ara-dalàna dia mahafantatra fa mizotra fotsiny isika, ao amin'ny oran'ny fitsarana mihitsy.

97 Jereo! Rahalahy Banks, maro aminareo lehilahy izay eto izao hariva izao, izay nitsangana tany teo amin'ilay tendrombohitra tamin'io maraina io.

98 Ary te-hiresaka ny amin'io tendrombohitra io aho, amin'ny Alahady heriny maraina, raha sitraky ny Tompo. Nahazo fanambarana lehibe aho, zavatra fanampiny izay saiky tsy vitako ny hihazona tsy hiteny azy izao hariva izao. Fa izaho dia manana . . . Hitanareo? Ary tsy an-kitsahatra mihitsy izany, isan'andro, mitranga ny zavatra anankiray aorian'ny iray hafa. Hitanareo? Tsy hijanona hitranga mihitsy izany, satria izany no HOY NY TOMPO HOE.

99 Ny tsirairay avy aminareo eto, amin'arivony sy arivony ao amin'ny horonam-peo, no nandre ahy nitsangana ka nanao hoe, "HOY NY TOMPO HOE, izao no hisy ary izao." Ary na ireo gazety sy magazina aza dia tsy maintsy nanambara fa tsy maintsy ho izany ilay izy. Tsy fantatr'izy ireo hoe inona ny mikasika an'izany rehetra izany, saingy hitany izany. Tsy fantatr'izy ireo hoe inona izany, saingy hitany izany, manao ny Teny ho fahamarinana marina tokoa.

100 Nitsangana teto izahay tany amin'ilay renirano, nidina ilay Anjelin'ny Tompo tamin'io andro io, telo amby telopolo taona, na 1933 ilay izy, nidina ary niteny an'ireo zavatra izay Nolazainy. Nivoaka, ary maro ireo olona izay nitsangana teo amin'ilay morona, nanao hoe, "Inona no dikan'izany, ry Billy?"

101 Hoy aho hoe, "Tsy ho ahy izany; ho anareo izany. Izaho dia mino; ianareo tsy mino." Ary nanohy nandeha fotsiny aho.

102 Nilaza tamiko ilay pasitera tamin'izay fotoana izay, hoy izy hoe, "Ny tianao ho lazaina ve dia hoe ianao, miaraka amin'ny fianarana kilasy fahafito, no handeha hitety an'izao tontolo izao ka hivavaka ho an'ireo mpanapaka sy manam-pahefana ary mpanjaka sy ny sisa? Ary, oh," hoy izy, "adinoy Izany!"

103 Tsy afaka nanadino an'Izany aho, voasokitra ato am-poko Izany. Ankehitriny indro, telo amby telopolo taona taty aoriana, nitranga tanteraka arak'izay Nolazainy fa Hanaovany azy ny zavatra rehetra izay Nolazainy. Andriamanitra Izy ary tsy mety diso. Mihazona Ny Teniny foana Izy. Izy . . . Aza misalasala amin'Izany mihitsy.

104 Ankehitriny, mariho, niditra araky ny drafitr'Andriamanitra izy (fahalalana mialoha), antson'Andriamanitra, ary ny Tenin'Andriamanitra, ka niditra talohan'ny nanombohan'ilay hain-tany izy.

Ankehitriny, fantatsika fa efa vonona hamely ny fitsarana.

105 Nitsangana teo amin'ilay havoana tamin'io andro io, Rahalahy Banks Wood mitsangana eto, niakatra an'ilay havoana izahay. Angamba hanonona an'ilay izy indray aho, mba hiorenan'ny finoanareo ho amin'io laharam-bavaka izay natao hiseho io ao anatin'ny folo, dimy ambin'ny folo minitra manaraka. Nandeha teo alohan-dRahalahy Banks fotsiny aho. Izy dia . . . Heveriko fa nandao an-dRanabavy Ruby izy raha narary izy. Ary nandeha taoriako izy, voamariko ny tarehiny, mena. Nijery tany aoriana aho. Nieritreritra aho fa mety ho sarotra kely ho azy ny hianika an'ilay havoana, noho izany dia nandeha niadana kely aho. Tao amin'ireo tany efitra ireo mihitsy, miakatra mihitsy an'ireo havoana tahaka an'*izao*, teo amin'izay nisehoan'ireo Anjelin'ny Tompo. Nandeha nandroso tamin'io làlana io mihitsy izahay tamin'izany fotoana izany, teo amin'izay Nisehoany volana vitsivitsy talohan'izany.

106 Ary raha niakatra an'ilay havoana aho, ny Fanahin'Andriamanitra . . . Rehefa nitodika aho, nijery teo an-tampon'ilay tendrombohitra, dia hoy Izy hoe, "Alaivo io vato io, ary lazao aminy hoe, 'HOY NY TOMPO HOE, ho hitanao ny Voninahitr'Andriamanitra ao anatin'ny ora vitsy manaraka.'"

107 Nalaiko fotsiny ilay vato, ka hoy aho, "Rahalahy Banks, tsy fantatro hoe nahoana," nanipy an'ilay izy teny amin'ny rivotra, dia hoy aho hoe, "HOY NY TOMPO HOE, ho hitanao ny Voninahitr'Andriamanitra."

Hoy izy hoe, "Momba an'i Ruby ve izany?"

108 Hoy aho hoe, "Tsia, tsy mihevitra aho fa misy hidiran'izany aminareo, Banks na Ruby, na ny anankiray. Mihevitra mihitsy aho fa nilaza fotsiny Izany hoe, 'HOY NY TOMPO HOE, hisy zavatra hitranga.'"

109 Ary ny ampitso maraina rehefa nitsangana tany izahay, maro amin'ireo lehilahy, tsy fantatro hoe firy no mipetraka eto ankehitriny, nisy roa ambin'ny folo na efatra ambin'ny folo, dimy ambin'ny folo taminay no nipetraka tany. Tampoka teo, dia nanatona ahy ny mpitoriteny iray ka hoy izy hoe, "Rahalahy Branham," hoy izy, "ny anarako dia *Ranona-sy-ranona*." Hoy izy, "Anankiray tamin'ireo mpanohana anao tany California aho."

110 Hoy aho hoe, "Faly mahafantatra anao aho, tompoko." Douglas McHughes. Hoy izy hoe, "Izaho dia . . . " Hoy aho hoe, "Faly mahafantatra anao aho." Noraisiko ny tànany.

111 Hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny, te-hametraka fanontaniana iray aminao aho." Hoy izy . . . Roy Roberson, mpitantan-draharaha eto; Rahalahy Wood, Terry ary Billy, sy, oh, Rahalahy McAnally, ary tsy fantatro hoe iza daholo

no nitsangana tany. Fa izaho . . . Hoy izy hoe, "Te-hanontany zavatra aminao aho." Hoy izy hoe, "Mba manome anao fahitana tahaka an'izao ve ny Tompo any ivelany any?"

112 Hoy aho hoe, "Eny, rahalahy, saingy tonga eto aho mba hiala kely amin'izany, mba hiala sasatra."

Dia nijery manodidina tahaka an'*izao* aho, nahita dokotera be vatana iray nijery azy, nanao hoe, "Rev. McHughes, hamotika ny masonao tsy ho ela io aretina eo amin'ny masonao io. Efa nitsabo anao nandritry ny roa taona aho, fa tsy afaka manao na inona na inona mikasika an'io."

Ary nitodika tany aminy aho. Hoy aho hoe, "Ny antony nanontanianao ahy an'izany, dia niteny taminao ny dokoteranao, indray andro hoe, 'Io aretina io no teo amin'ny masonao.'" Teo afovoan'ny andro izany, teo amin'ny iraika ambin'ny folo teo, ary nanao solomaso fitondra amin'ny masoandro izy. Hoy aho hoe, "Ny antony; tsy manao an'iny nohon'ny masoandro ianao, fa nohon'ny masonao. Niteny taminao izy fa ianao dia 'hahavery an'io maso io.'"

Ary nanomboka nitomany izy, nanao hoe, "Marina izany."

113 Niverina aho mba handeha manodidina indray, nanana angady iray aho teny an-tànako. (Dia nijery aho; hitako izy nitsangana teo nijery ahy, namirapiratra mihitsy ireo masony.) Hoy aho hoe, "Fa HOY NY TOMPO HOE, tsy hahavery an'io maso io ianao." Nihaza niaraka taminy aho tamin'ity fararano farany ity, afaka mahita tsaratsara kokoa noho izaho sy ny olona rehetra tao amin'ilay vondrona izy. Izy dia tsy . . .

114 Ary nahita vehivavy azon-taona iray aho izay nampidina ny bàn-kirarony ka nampiakatra ny ilan'ny zipony. Hoy izy hoe, "Anaka, raha hitanao Ranadahy Branham, dia teneno izy mba hivavaka ho an'ny tongotro." Fa nijery teo aho, ary kely . . . toy ny hoe fivontosana no nihantona teo amin'ny tongony, nanerana.

115 Hoy aho hoe, "Ramatoa iray fotsy volo ny reninao. 'Ry zanako,' hitanareo. Niteny taminao izy talohan'ny nandehananao, raha nahita ahy ianao, mba hangataka ahy hivavaka ho an'ny tongony. Manana fivontosana kely izy, tahak'izany, mihantona manerana ny tongony." Toy ny hoe ho torana izy.

Hoy izy, "Izany no fahamarinana."

Hoy aho hoe, "Teneno izy tsy hiahiahy. Ho tena tsara ilay izy."

116 Nanomboka nandeha nanodidina aho. Tamin'izay fotoana izay no reko ny Feon'Andriamanitra niteny, nanao hoe, "Mialà eo, haingana."

Nitsangana teo i Roy Roberson, fantatro fa mpiady tranainy iray izy, napetrako teo amin'ny sorony ny tànako, hoy aho hoe, "Rahalahy Roy, miafena, haingana arak'izay vitanao!"

Hoy izy, “Inona ny olana?”

Hoy aho hoe, “Mialà eo! Miafena!”

117 Ary nanomboka nandeha nanodidina aho, napetrako ny angadiko, nitodika, nesoriko ny satroko. Ary indro tonga Izy, nidina tao amin’ny tadio iray izay nanendaka ny ilan’ilay tendrombohitra tahaka an’izao ny Voninahitr’Andriamanitra, ary nipoaka sy nanozongozona an’ilay toerana tahaka an’izao, nanapaka ny tendron’ireo kirihitra; teo amin’ny telo mihitsy na efatra, dimy dian-tongotra teo ambonin’ny lohako. Niakatra tahaka ny latonoara iray tahaka an’izao; nipoaka indray Izany. Ary, indro tonga Izany, intelo.

118 Avy eo rehefa niala Izany, ny fanintelony, dia nanatona i Rahalahy Banks, nanao hoe, “Izany ve ilay noresahanao?”

Hoy aho hoe, “Eny.”

Hoy izy, “Inona izany?”

119 Hoy aho hoe, “Miseho ao anatin’ny tadio Andriamanitra.” Tsy fantatro na Tiany hiteny amin’ny olona aho na tsia.

120 Nandeha aho avy eo ary nivavaka kely. Tamin’izay fotoana dia niteny tamiko Izy fa afaka miteny amin’izy ireo aho. Hoy aho hoe, “Izany no fitsarana izay mamely ny Morontsiraka Andrefana.” Jereo izy amin’izao andro izao! Jereo izay nitranga ora vitsy taty aorian’izany: Alaska dia nilentika. Ary hirodana ilay zavatra manontolo ankehitriny. Miditra ao amin’ny fitsarana isika. Natao tsinontsinona ny famindrampo.

121 Saingy isaorana Andriamanitra, manana Sakafo miafina isika, Sakafo ara-panahy, izay iainantsika amin’ny fahatsaram-panahy sy ny famindrampon’ny fanambaran’i Jesosy Kristy amin’izao andro farany izao, manamarina ny Tenany eo anivon’ny Olony. Amena! Niditra izy ireo. Elia dia niditra talohan’ny nanombohan’ilay hain-tany. Misaotra Andriamanitra nohon’ny nahatafiditra alohan’ny anombohan’ny fitsarana. Izao no fotoan’ny fivoahana sy fidirana, mivoaka avy ao amin’ireo rafi-pandaminana ary miditra ao amin’i Kristy, ny fotoan’ny fivoahana sy fidirana ho an’ireo mpino marina rehetra.

122 Tamin’izay fotoana izay dia nantsoina izy, ary nijanona tao. Tsarovy, tsy niala tao amin’io renirano io mihitsy izy raha tsy Andriamanitra no niantso azy.

123 Ary rehefa saiky nifarana ilay hain-tany, dia Nantsoiny hivoaka avy tao izy, ho any an-tranon’ny mpitondratena iray. Mariho, Izy no niantso an’io mpitondratena io. Ary tsy nampikambana ny tenany tamin’ireo tsy mpino io mpitondratena io; nandray ny mariky ny bibidia nandritr’ilay hain-tany. Noho izany Izy dia niantso azy hivoaka ho... niantso an’i Elia hamelona an’io mpitondratena io. Nanana mofomamy kely iray fotsiny izy ireo, zavatra kely anankiray

izay niankinany. Ary hoy i Elia hoe, "Omeo ahy iny, aloha. Fa, HOY NY TOMPO HOE, tsy ho foana ny barika ary tsy ho ritra ny tavoara, mandra-pahatongan'ny andro handefasan'ny Tompo Andriamanitra ranonorana eto ambonin'ny tany." Mametraka an'Andriamanitra aloha, Ny Teniny aloha!

124 Mariho, nisy koba tao anatin'ilay barika. Isaky ny nila koba izy, dia nisy koba tao anatin'ilay barika. Nisy diloilo tao anatin'ilay tavoara, isaky ny nila an'izany izy. Nahoana? Ny koba dia naneho an'i Kristy tao amin'ilay koba-fanatitra. Tsy maintsy vita tsara mihitsy ireo vaingana, hitotoana ny tsirairay avy amin'izy ireo. Mitovy marina tokoa ny vaingana tsirairay an'io koba io, maneho fa Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Izany no Teny, ny Mofon'Aina manaraka ny hafatra, mba hanamarina ny Teny.

125 Toy izany koa amin'izao andro izao, ry sakaiza. Toy izany koa amin'izao andro izao, hoe ny Mofon'Aina izay hanin'ireo zanaka, dia manaraka ny Hafatr'Andriamanitra, mba hamelona azy ireo mandritry ny fotoan'ny hain-tany. Ahoana moa raha nijoro teto amin'ny fanatrehantsika Izy androany? Ahoana moa raha nijoro teto amin'ny fanatrehantsika Izy izao ankehitriny izao? Hihetsika Izy ary hanao marina tokoa tahaka an'izay Nataony tamin'ny andro izay naha-tao amin'ny nofo Azy teto an-tany. Ny Ampakarina dia ampahan'ny Mpampakatra, mitovy amin'i Kristy ny Fiangonana. "Ireo asa izay Ataoko no hataonareo koa." Ary ny Teny no nanao an'izany. Izy no niteny tamintsika fa ireo zavatra izay Nataony no hataontsika koa.

126 Mahamarika indray isika eto, raha ao amintsika ny Teny ary tonga tamintsika, tahaka ny Nataony tamin'i Elia tamin'io andro io, no Hanaovany an'ilay zavatra iray ihany izay nataony, nivelona tamin'ireo Zavatr'Andriamanitra niafina izy izay niafina tamin'izao tontolo izao. Oh! Izao indray, manao ny Hafatra sy ny iraka ho iray izany. Vonona ilay Sakafo ara-panahy, ary ao amin'ny vanim-potoana Izany ankehitriny. Ary afaka mahazo an'io Sakafo io ny tsirairay avy aminareo raha maniry Azy, raha sitrakareo ny hisintaka amin'ny tsy finoana rehetra an'izao ora izao, raha vonona ny hiditra ao amin'i Kristy ianareo, hiditra ao amin'ny Fampanantenany.

Ary tsarovy ireo Fampanantenany, ao amin'ny Malakia 4, Lioka 17:30, ao amin'ny Masindahy Jaona 14:12 ihany koa, ary Soratra maro firy, izay ilazana, Joela 2:38, sy ny rehetra izay Hataony, na 2:28, raha ny marina, izay Hataony amin'izao andro farany izao. Ary ahoana fa nilaza ny mpaminany hoe hisy Hazavana amin'izao andro farany izao, ahoana no hiasan'Izany, inona no hataon'Izany, manondro mankany amin'izao andro farany izao ny Soratra rehetra. Ary Kristy izany! Raha afaka miafina ao amin'Izany

ianareo ankehitriny, ao amin'io Toerana miafina io, dia afaka hihinana ary hahita ny fahatsaram-panahy sy ny famindrampon'Andriamanitra. Raha marary ianareo, dia misy fanasitranana ao.

127 Tsaroanareo rehefa Elisa, taty aoriana, dia nampidina . . . Taorian'ny nananany an'io koba-fanatitra io, Kristy, sy namelomany ny ankohonan'ilay mpitondratena tamin'Izany. Mariho taty aoriana rehefa nampidina afo avy tany an-danitra izy, sy ny sisa, ka nanaporofo ny fanirahany, avy tamin'Andriamanitra, ny Fanahin'ny mpaminany.

128 Mariho tany an-efitra, rehefa nandry teo ambanin'ny hazo anjavidy izy tany, dia nidina ny Anjely iray niaraka tamin'io karazana koba iray io ihany, ary nanendy mofomamy vitsivitsy ka namahana azy. Ary Nampatoriany indray izy kelikely taty aoriana, dia nofohaziny, ka mbola nanana mofomamy voaendy ho azy izy teo. Ary nandeha tamin'ny herin'ireo mofomamy ireo izy nandritry ny efapolo andro. Voninahitra ho an'Andriamanitra! Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Oh, toy ny ahoana no itiavantsika Azy, Sakafo ara-panahy amin'ny Vanim-potoany!

129 "Tsy mety ny maka ny mofon-jaza ka manome azy ho an'ny alika." Tsy niteny an'ilay zavatra iray ihany ve Jesosy tamin'ilay vehivavy Syrofoinisiana? Nirahina ho an'ny Azy Manokana Izy. Marina izany. Ary izany no Nahatongavany . . . Tsy nandeha tany amin'ireo Jentilisa mihitsy Izy.

130 Ary ankehitriny dia mamangy ny Jentilisa amin'ny fotoany Izy amin'izao andro izao, ary tsy mihaona . . .

131 Hoy ianareo hoe, "Nahoana àry ny Hafatra no tsy mankany amin'ireo toerana goavana be ireo, ireo tafika masina lehibe ireo, tahaka ny eo anivon'ireo anaram-piangonana?"

132 Tsy Sakafony Izany. Izany dia tsy an'ilay fiangonana, mody antsoina, ny Sakafo. Izany dia Sakafon'ny Ampakarina. Izany no Sakafo ara-panahy amin'ny vanim-potoana. Izany dia hamparary kibo azy ireo. Manan-karena loatra Izany ho azy ireo. Hitanareo? Hitanareo? Ianareo—ianareo—ianareo tsy afaka manao an'izany. Fa, ho an'ireo zanaka, Izany no Mofo, Izany no Fiainana, Izany no Jesosy Kristy tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

133 Ho lasa tara loatra isika raha tsy manomboka an'ilay laharam-bavaka ankehitriny, noho izany dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny.

134 Andriamanitra malala, Sakafo amin'ny vanim-potoana mety, Sakafo ara-panahy. Zavatra izay tsy misy na inona na inona fantatr'izao tontolo izao. Toy ny ahoana no andrenesanay ny Tomponay tamin'io hariva io, na tamin'io andro io tany Samaria tany, ilay toerana iray ihany izay

nandehanan'i Elisa ka nanaovany hoe, "Nahoana, tsy hilatsaka ny ando raha tsy izaho no miantso azy." Indro Jesosy nitsangana teo niteny tamin'ireo Mpianany.

Hoy izy ireo, "Mpampianatra, nahoana no tsy mihinana Ianao?"

Hoy Izy hoe, "Manana Sakafo izay tsy fantatrareo Aho."

135 Marina tokoa, Tompo, Ny Sakafony dia ny manao ny sitrapon'Andriamanitra, mba hahitana an'ireo asan'Andriamanitra tonga voaseho tao amin'ny Orany. Teo Izy mba hijery fa vita izany. "Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy Ny Raiko no maneho Amiko aloha. Izay asehon'ny Ray Ahy, dia izany no Ataoko."

136 Ary, Ray, toy izany koa amin'izao andro izao. Ny Fiangonana, ilay mpino marina, ilay Vatan'ireo mpino, no manana fidirana ao amin'ny Sakafo, Sakafo ara-panahy, izay tsy misy na inona na inona fantatr'ireo anaram-piangonana. Tsy mahafantatra na inona na inona amin'io Sakafo io izao tontolo izao, Ray. Fa Ny Fiangonanao, ny Olonao, ny Ampakarin'Ny Zanakalahinao, no tia an'Izany.

137 Manana fidirana ao amin'ny fanasitranana ny vatanay izahay rehefa tsy nahomby ireo dokotera. Manana fidirana ao amin'izany izahay. Izany no anankiray amin'ireo Sakafon'Andriamanitra, izay Nomeny ho an'Ny Fiangonany, sy nampanantenainy amin'ny andro farany ho an'ireo Zanany mino. Ray, ampio izahay mba ho zanaka mino, satria ny zavatra rehetra dia azo atao ho an'ireo mpino. Ekeo izany, Andriamanitra Malala. Mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Jesosy izahay. Amena.

138 Mino aho fa i Billy no niteny tamiko hoe nizara karatra fangataham-bavaka vitsivitsy izy ireo. Raha mba misy olona iray hiteny amiko ny litera izay eo amin'ny karatra fangataham-bavaka, dia izay ihany no ilaiko. [Hoy ny olona iray hoe, "C."—Mpand.] C, eny àry, ndao isika haka ny C, iray, hanomboka, mandra-panaoko ny laharantsika hanomboka. Hitanareo, ankehitriny, mety ho manerana mihitsy izy ireo. Ankehitriny, raha ny tsirairay. . .Eny, hitanareo, hanandrana an'izao aho. Tsy fantatro raha afaka hanao an'ilay izy isika na tsia. Na raha toa ka afaka hanana antso hilaharana iray fotsiny isika; mipetraha tsara ianareo. Tsy mampaninona ahy ilay izy. Raha toa indray ka hiakatra eto amin'ny lampihazo ianareo, na hanana antso hilaharana iray, dia tsy mampaninona, ny iray amin'ireo fotsiny. Miankina tanteraka amin'ny Fanahy Masina aho. Miankina Aminy aho hiaro an'ity Teny izay notoriako ity.

139 Rahalahy George Wright, mino an'Izany aho. Fony mbola tovolahy kely iray, nandeha tany an-tranonao aho taona maro

lasa izay, nihaino an'ilay toloho antitra nipetraka teo amin'ny hazo, mbola mino an'io Hafatra iray ihany io foana aho. Mino aho fa tsy miova Izany.

140 Eny àry, hitako fa manadio izy ireo eto aoriana eto ho an'ny laharam-bavaka iray. Eny àry, karatra fangataham-bavaka C, nomerao iray, roa, telo, efatra, dimy, manatòna aloha ary mitsangàna eto avy hatrany. Raha tsy afaka mitsangana ianareo, raha hanangana ny tànanareo fotsiny ianareo, dia haka anareo ny sasany amin'izy ireo. [Misy olona iray miresaka amin-dRahalahy Branham—Mpand.] Inona ilay izy? Hia. Ah-hah. Karatra fangataham-bavaka C, iray, roa, telo, efatra, dimy. Ary mariho ankehitriny, ianareo izay tsy manana karatra fangataham-bavaka iray . . .

141 Ankehitriny, tsy nanana an'izao karazana laharam-bavaka izao aho efa hatramin'ny ela, ela be. Firy no mahatsiaro ny fanirahako rehefa nanorina ny Tabernacle teto isika? Hoy Izy, "Ataovy ny asan'ny evanjelista." Tsy nilaza fa evanjelista iray aho. Hoy Izy, "Ataovy ny asan'ny evanjelista," hitanareo, "fa ho avy ny ora izay tsy maintsy hiovan'izany." Tonga izany ora izany. Eny àry. Ankehitriny, ao amin'izao, Izy . . .

142 Tsy afaka manafangaro asam-panompoana roa na telo samihafa miaraka ianareo, pasitera sady evanjelista, amin'ny fotoana iray. Ianareo tsy afaka ny ho—ho mpaminany iray sy pasitera iray angamba, amin'ny fotoana iray, hitanareo, satria manana asa samihafa ianareo, asam-panompoana samihafa.

143 Fa ny Tompo dia nanome ahy an'izay tokony hataoko ao amin'ny Hafatro. Fa hoy Izy tamin'izay fotoana izay hoe, "Ataovy ny asan'ny evanjelista, ataovy feno porofo ny asam-panompoanao, fa ho tonga ny ora izay tsy hahazakan'izy ireo ny Foto-pampianarana tsy misy kilema." Raha tsy efa tonga izany ankehitriny! Nandà ahy ny fiangonana anaram-piangonana rehetra. Tsy nahazaka ny Foto-pampianarana tsy misy kilema izy ireo. "Fa araka ny filàn'izy ireo manokana no hampidirany ny mpampianany manokana, ary hihodina amin'ireo angano izy ireo. Ary hanao zavatra lehibe amin'ny asa izy ireo tahaka an'i Jambra sy Jana nanohitra an'i Mosesy, fa ho voaseho ny hadalany." Hitanareo? Hitanareo? Eny àry, fakan-tahaka! Hitanareo hoe ahoana i Jambra . . .

144 Ary, Andriamanitra any An-danitra no mahafantatra fa, mipetraka ao amin'ny zoron'ilay vaton'ny Tabernacle ao mihitsy izany hatramin'ny 1933, voasoratra eo amin'ny pejy iray an'ny Baiboly, mipetraka ao mihitsy. Jereo hoe ahoana no nanaovan'izy ireo an'izany. Jereo izay miseho. Fakan-tahaka, marina tokoa. Hoy Izy, "Avelao izy ireo hipetraka tsara, ho ampahafantarina ny fahadalany amin'ny fomba mitovy amin'i Jambra sy Jana." Indro isika ao amin'izany andro izany.

145 Nahita ny fiangonana aho rehefa nametraka an'ilay vato fehizoro mihitsy isika, niankina tamin'ireo sisim-baravarankely ny olona ary nanerana, nitsangana nanerana ny rindrin'ilay tabernakla. Eo ianareo izao. Nilaza izy ireo, rehefa nitsangana izany, ny olona eto amin'ity tanàna ity, nanao hoe, "Eo anelanelan'ny enim-bolana . . . " Niaraka tamin'ny iray dolara sy valopolo cents isika mba hanorenana tabernakla iray, tompona garazy maro no nanapa-kevitra fa ho lasa garazin'izy ireo izany. Saingy mbola valan'ondry iray ho an'ny Ondrin'Andriamanitra foana ilay izy.

146 Iray, roa, telo, dimy, enina, fito, valo, sivy, folo. C, enina, fito, valo, sivy, folo. Eny àry.

147 Ankehitriny, "Izaho Tompo no namboly azy, Izaho no hanondraka azy andro aman'alina fandrao hisy handrombaka azy amin'ny Tànako." Jereo ilay tsikera! Tsy nisy anaram-piangonana nanohana Azy. Tsy nisy fiangonana tahaka Azy eto amin'ny firenena eto. Tsy misy Pentekosta eto amin'ny firenena, tsy misy na inona na inona hafa mamelona Azy. Manohitra ny batisan'ny rano ny olona rehetra, manohitra an'ireo zavatra hafa rehetra ireo ny olona rehetra. Na teo amin'ny fianakaviako manokana aza, ny raiko manokana dia nandroaka ahy nivoaka ny varavarana, nataoko tao anatin'ny harona taratasy kely iray ny akanjoko ary nandeha ka nipetraka tany New Albany. Marina.

Fa teo amin'ireo loza, asa mafy ary fandrika,
No efa nandehanako;
Ny fahasoavana no nitondra ahy ho voaaro hatramin'izao,

Enina amby dimampolo taona aho, ary tsy maintsy hiampita an'ilay renirano tsy ho ela.

Ny fahasoavana no handray ahy.

Rehefa any aho mandritry ny arivo taona,
Hazava hamirapiratra toy ny masoandro;
Ny andro hihirantsika fiderana an'Andriamanitra dia tsy ho latsaka
Nohon'ny tamin'ny nanombohantsika voalohany.

Oh, toy ny ahoana no itiavako an'i Jesosy! Izy no izao tontolo rehetra izao ho ahy!

148 Oh, eny àry, firy aho no . . .Taiza aho no nijanona, folo? Afaka maka sasantsasany amboniny ve isika? Eny àry. Inona ilay izy, folo, dimy ambin'ny folo? Eny àry. C, folo hatramin'ny dimy ambin'ny folo, na aiza na aiza ianareo, raha afaka mitsangana ianareo ka miditra. Ahoana hoe? Hah? Eny àry. C, dimy ambin'ny folo hatramin'ny roapolo, àry. Aoka izany ho C, dimy ambin'ny folo hatramin'ny roapolo. Ho olona folo

amboniny izany. Hitantsika . . . Hitanareo—jereo hoe hatraiza no mitsangana ilay laharana eo, tsy tiantsika ny hanao azy ireo—hanao azy ireo hifanery. Ary isika dia . . . Eny àry.

149 Omeo ahy ankehitriny ny fifantohanareo tsy voazarazara; tsy ho ela isika. Fa, ankehitriny, oh, ora toy ny inona, fotoana toy ny inona! Izaho—izaho dia maniry mba ho afaka hitia ny Tompo ny olona rehetra. Izaho—izaho dia maniry mba hahafahantsika rehetra ho tonga eo amin'izany toerana izany mba hahafantatra ny azo atao an'izao minitra izao. Ndao isika hanandrana an'ilay izy. Omeo ahy fotsiny ny fifantohanareo.

150 Inona—inona no ezahantsika atao eto? Mametraka ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fizahan-toetra iray isika. Nanao an'ilay zavatra iray ihany i Elia, nandeha teo ambonin'ilay tendrombohitra rehefa avy nahafantatra izy fa nirahina avy tamin'Andriamanitra hanao an'izany. Hoy izy hoe, "Ankehitriny ndao ho porofointsika hoe iza no Andriamanitra, aoka ny Andriamanitra izay mamaly amin'ny afo no ho Andriamanitra."

151 Ary nitetitetika ireo mpanompo sampy, oh, nanao hoe, "Eny, azo antoka, tsy . . ." Ireo—ireo mpanompo sampy dia nahafantatra fa tsy hilatsaka ny afo, noho izany dia niantsoantso sy nanao hadalana izy ireo.

152 Fa nahafantatra i Elia hoe hilatsaka izany, satria efa nahita fahitana iray avy tamin'ny Tompo izy.

Hoy ianareo hoe, "Nahita fahitana iray izy?"

153 Eny, tompoko! Rehefa nalaminy ny zavatra rehetra, dia hoy izy hoe, "Tompo, efa nataoko izao rehetra izao araka ny Didinao." Ary avy eo dia nanomboka nilatsaka ilay afo. Rehefa voatandrina hatramin'ny litera ny Tenin'Andriamanitra, amin'izay fotoana izay dia asan'Andriamanitra ny mikarakara ny sisa amin'izany. Mangataka aminareo fotsiny Izy mba hametraka an'ilay izy eo. Ary aoka hanana antoka fa nantsoina hametraka an'izany eo ianareo. Hitanareo? Ary raha izany ianareo, dia Izy no hikarakara ny sisa amin'izany.

154 Ankehitriny, hisy olona eto handalo amin'ity laharana ity izay hivavahako . . . Ankehitriny, eny, efa saiky hatrany amin'ny rindrina ianareo ankehitriny, eny àry, eo amin'ny laharana hanombohana. Ankehitriny, voalohany, fara-fahakeliny any ho any ato amin'ny tranobe, olona vitsivitsy . . .

Firy ato no marary nefa tsy manana karatra fangataham-bavaka, atsangano ny tànanareo. Hitanareo, manerana mihitsy. Ankehitriny, fantatrareo fa raha ny Tompontsika . . . Ary mino aho fa hanao Izy, raha Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Nanao laharam-bavaka Izy. Nanatona Azy tao amin'ireo laharana lehibe ny olona, vahoaka betsaka, nikasika azy ireo Izy, nitahy azy. Avy eo nijanona Izy indray mandeha ka nanao hoe, "Iza no nikasika

Ahy?" Nijery manodidina, niteny tamin'ny vehivavy iray hoe inona no nikasihany Azy; dia nilaza taminy fa lasa ny fitsiha-drànу, ny finoany no nanao azy ho salama.

155 Ahoana moa raha nitodika izy ka nanao hoe, "Eny, tsy fantatro, Tompo, efa ela be no nananako an'izao"? Tsy ho nitranga ilay izy. Tsia, tsy ho nitranga ilay izy. Tsia.

156 Ahoana moa raha niteny tamin'ilay vehivavy Syrofoinisiana Izy hoe, "Noho izany teny izay nolazainao izany, ny zanakao vavy, nivoaka taminy ny devoly," ahoana moa raha nolazainy hoe, "Eny, ankehitriny, Tompo, izaho—izaho dia naniry ny Hanaovanao azy tahaka an'*izao*"? Ny—ny devoly dia mbola ho tao amin'ilay zazavavy foana. Fa nanantena ny hahita ny zanany tamin'ny fomba izay Nolazainy fa hahitany azy izy.

157 Ankehitriny, niteny tamintsika Izy hoe, "Raha mety mino ianareo! Raha afaka miteny amin'io tendrombohitra io ianareo hoe, 'Mifindrà,' ka tsy misalasala ao am-ponareo, fa mino hoe hiseho izay nolazainareo, dia afaka hahazo an'izany ianareo. Rehefa mivavaka ianareo, minoa fa azonareo izany, dia homena anareo izany." Teny fikasana toy ny inona!

158 Ankehitriny tsy mino an'izany mihitsy ilay lehilahy izay mitory ny filazantsara ara-tsosialy. Hanatona ny varavarana izy, hijery, na hitsangana eo, ka hanao hoe, "Eny, andiana holy rollers iray hafa fotsiny," ary handeha. Hitanareo? Saingy tsy fantany fa izao ilay Sakafo miafina. Tsy fantany fa izao ilay Zavatra miafina izay nafenina azy. Tsy fantany izany. Izany dia—izany dia—izany dia mampalahelo, fisainana izay mitanjaka, ory, jamba, nefa tsy fantany izany. Hitanareo? Zavatra ratsy izany.

159 O Andriamanitra, avelao aho ho faty aloha, fa aza manao ahy ho tahaka an'izany mihitsy. Aleoko maty (eny, tompoko) toy izay hanao an'izany. Heveriko fa ny tsirairay avy amintsika dia ho izany, sa tsy izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

160 Fa, ankehitriny, nampanantena antsika an'ireto zavatra ireto Andriamanitra amin'ny andro farany. Ao amin'ny Malakia 4, dia voalaza fa hidina Jesosy Kristy ary hampiditra ny Tenany ao amin'ny nofon'olombelona tahaka ny Nataony tany Sodoma. Marina izany. Ary voalaza fa ho ao amin'ny toeran'i Sodoma izao tontolo izao. Ary voalaza hoe, "Tahaka ny tamin'izany koa, no hahavoambara ny Zanak'olona amin'izany andro izany." Hitanareo, io Lehilahy izay nidina tao amin'ny endrika lehilahy iray io, no "Elohima," teo akaikin'i Abrahama, talohan'ny nahatongavan'io zanaka nampanantenaina io. Jereo hoe inona ilay izy, nilaza i Abrahama fa Andriamanitra izany. Ary nilaza ny Baiboly fa nisy lehilahy telo tonga teo aminy, vovoka no teny amin'ny akanjon'izy ireo, nanao dia, nipetraka ary nihinana tahaka ny

olona. Ary hoy Jesosy hoe, “Amin’ny fotoana izay hidiran’izao tontolo izao ao amin’ny toeran’i Sodoma mihitsy, amin’izay fotoana izay no hanambaran’ny Zanak’olona ny Tenany indray,” tsy Zanak’Andriamanitra. Zanak’olona, hitanareo, no hanambara ny Tenany.

161 Ankehitriny mariho io miaraka amin’izay nolazain’ilay mpaminany farany hoe, “Indro Izaho maniraka an’i Elia mpaminany ho aminareo, ary izy no hamerina ny—ny fon’ny zanaka ho amin’ny rainy.” Hitanareo? Hafatra iray hamerina azy ireo amin’ny Baiboly, ary hanambara ny Tenany ny Zanak’olona amin’io andro io. Ary amin’ny andro hitsofan’ilay taonan’ny fiangonana farany, ilay anjely fahafito, dia ho fantatra ireo zava-miafin’Andriamanitra amin’io andro io. Hovahana ireo Tombokase Fito. Ny zava-miafin’ireo fiangonana rehetra ireo sy ny sisa, ahoana no nitrangan’izy ireo, ary inona no nis-. . . ahoana, inona no niseho.

162 Hitanareo, tsy fantatr’izy ireo Izany. Hoy Jesosy hoe, “Ianareo Fariseo jamba!” Hoy Izy, “Raha ny jamba no mitarika ny jamba, tsy latsaka ao anaty lavaka ve izy roa?” Hitanareo, izany no antony tsy ahitan’ny olona an’Izany.

163 Ny zava-miafin’Izany, dia, ireo Tombokase ireo, nanao rafi-pandaminana iray ny tsirairay avy tamin’ireo fiangonana ireo ary niditra tao amin’izany, fa izany no anankiray amin’ireo zavatra miafina izay ratsy teo anatrehan’Andriamanitra. Hitanao ve izany, Dokotera Lee? Hitanareo, jereo. Izany io. Izany mihitsy ilay zavatra eo. Izany no anankiray amin’ireo tsiambaratelo. Nandrafitra izy ireo ary, hitanareo, ary tany ivelan’ny sitrapon’Andriamanitra tanteraka. Ary ho voabaribary izany amin’ny andro farany, ka hitarika ny olona, tsy ho amin’ny fanekem-pinoana iray na anaram-piangonana iray, fa hiverina amin’ilay Teny marina. Ary ilay Teny marina dia ho tonga amin’ny vondron’olona iray, ka hanambara ny Tenany eo afovoan’izy ireo ny Zanak’olona, “ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.”

164 Oh, oadray! Oh, tiako izany. Tiako—tiako ny mandoka Azy. Tiako ny—ny manao Azy ho goavana eo anatrehan’ny olona. Tsy voatery hanao Azy ho goavana aho; efa goavana Izy. Tena avo Izy ka tsy afaka hihoatra Azy ianareo, tena lalina ka tsy afaka ho lasa any Ambaniny ianareo, tena lehibe ka tsy afaka hihodina Aminy ianareo, kanefa manana efitra ho Azy ianareo ao am-ponareo. Tsy handray Azy ve ianareo? Mahafinaritra toy ny ahoana ny Tompontsika! Eny àry.

165 Ankehitriny ndao isika tena hipetraka tsara, ny olona rehetra. Ankehitriny, efa niresaka ny amin’Ity isika. Ary ankehitriny ny zavatra amin’ilay izy dia hoe, marina ve Izany? Ankehitriny, mety misy vahiny vitsivitsy ato. Mety hilaza aho raha . . . aminareo, raha Kristy no tsy miova omaly, anio, ary

mandrakizay, dia inona no Hataony amin'izao minitra izao? Hanao ny zavatra iray ihany Izy izay Nataony fony Izy tety taloha. Marina ve izany? Hikasika ny Lambany ny finoan'ny olona, ary hitodika Izy. Tahaka ny Nataony tamin'ilay vehivavy teo amin'ny fantsakana, sy Nataony tany amin'ireo toerana hafa, ka Hitany ny eritreritr'izy ireo.

Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Afaka hanasitrana ahy ve Izy?"

166 Ny Teniny no nilaza fa efa Nataony izany. Saingy ny zavatra amin'ilay izy dia, dia ny mampahafantatra ny Tenany fa eto Izy.

167 Ankehitriny, raha niseho tamintsika tao amin'ny tena ara-batana iray Izy, nitovy tanteraka tamin'ny *Lohan'i Kristy tamin'ny Telo amby telopolo taona* an'i Hofmann, ka niraraka avy teo amin'ny Tànany ny rà, sy ny sisa, ireo hola-pantsika nanerana Azy, dia tsy hanaiky an'izany aho. Tsia, tsia. Tsia, tsia. Rehefa tonga Izy, ny Tenany, "Ny maso rehetra hahita Azy, ny lela rehetra hanambara Azy; ary tahaka ny tselatra avy any Atsinanana mankany Andrefana, dia ho toy izany koa ilay izy." Hitanareo? Tsy mino an'ireo fombam-pivavahana sy antoko ireo isika. Mino isika fa Andriamanitra no Teny.

168 Fa manisy vatana ny Tenany Izy, maka ny vatanareo sy ny vatako, ka manome fanomezam-pahasoavana ho anareo, manome fanomezam-pahasoavana ho ahy, ary amin'ny alàlan'ireo fanomezam-pahasoavana ireo no Ampahafantarany ny Tenany. Izany no Sakafo miafina. Tsy mampaninona na impiry no Hampahafantarany ny Tenany amin'ny alàlako, fa tsy maintsy mino an'Izany ianareo, ianareo dia tsy maintsy manana ny fanomezam-pahasoavan'ny finoana, ihany koa, mba hino an'Izany. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ary ankehitriny raha haneho ny Tenany amin'izany fanao izany Izy, dia hino Azy ve ianareo? ["Amena."] Amin'ny fonareo rehetra, hino Azy ve ianareo? Oh, mahafinaritra toy ny ahoana, miandry Azy fotsiny, miandry fotsiny mba hahita an'izay Lazainy.

169 Indro misy lehilahy iray mitsangana eto. Tsy mbola nahita azy mihitsy aho teo amin'ny fiainako, raha ny fantatro. Toy ny hoe lehilahy tsara iray, matanjaka, salama, ary izy angamba dia, izaho—izaho—izaho tsy mahafantatra. Fa mitsangana eto izy. Ankehitriny, afaka handeha hametra-tànana eo amin'io lehilahy io aho ka hivavaka ho azy, hanontany azy raha hino izy. Afaka hitsangana eto izy ka hiteny amiko, hanao hoe, "Izaho—izaho—izaho dia mila anao hivavaka ho an'i *Ranona-sy-ranona*. Ary izaho dia manana—izaho dia manana faladia mivonto. Izaho dia manana aretin'andoha, tsy ankitsahatra. Misy loaka ao amin'ny vavoniko," na tahaka an'izany. Izy—izy, tsy fantatro. Afaka hilaza ny anankiray amin'ireo zavatra ireo izy.

170 Hilaza aho hoe, “Eny àry, tompoko, rahalahy. Hametraka ny tànako eo aminao aho ka hivavaka ho anao.” Tena ho tsara tanteraka tokoa izany. Izany marina tokoa no nataontsika nandritry ny taona rehetra. Marina ve izany?

171 Fa, tsarovy, Jesosy no nilaza fa ho hafa izany amin’ny fotoan’Ny Fihaviany mihitsy, tahaka ny tamin’ny andron’i Sodoma. Ary ilay Lehilahy izay tonga, dia nampitodika ny Lamosiny tany amin’ilay tranolay izay nisy an’i Saraha, ka hoy Izy hoe, (tsy “Abrama,” ankehitriny) “Abrahama.”

172 Hitanareo, Abrama izy, ny omalin’io. Fa nihaona tamin’ny fahitana iray izy, ary niteny taminy ny Tompo hoe, “Hanova ny anaranao Aho.”

173 Ary indro ny Tompo, Izy tenany, tamin’ny endrika lehilahy iray, nihinana sy nisotro niaraka taminy. Hoy Izy, “Abrahama, aiza ny vadinao, Saraha?” S-a-r. . .r-a-h-a; tsy S-a-r-a-y.

Hoy izy hoe, “Ao anaty tranolay izy, Aorianao.”

174 Hoy Izy, “Hamangy anao Aho, araka ny Fampanantenako dimy amby roapolo taona lasa izay.”

175 Ary somary nihomehy irery i Saraha. Hoy Izy hoe, “Vao avy nihomehy tao anaty tranolay i Saraha teo, nanao hoe, ‘Ahoana no hampety an’izany zavatra izany?’” Ah-hah. Misy zavatra tena sarotra ve amin’Andriamanitra? Hitanareo? Tsy misy na inona na inona. Tsia, tompoko.

176 Ankehitriny nilaza Izy, Jesosy no nampanantena fa, “Izy, ilay Zanak’olona,” izay ny Teny, (mino an’izany ve ianareo?) “dia ho tonga amin’ny andro farany ka hanambara ny Tenany amin’ny fotoana izay hahatonga an’izao tontolo izao hitovy amin’i Sodoma sy Gomora.” Mino ve ianareo fa marina izany?

177 Alohan’ny hanaovantsika vavaka anankiray, mivavaha ny sasany aminareo eo ka jereo raha ilay Zanak’olona dia mbola tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Mangataha fotsiny raha izany Izy, manaova hoe, “Tompo, tsy mahafantatra ahy ilay lehilahy, saingy fantatro fa Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay,” jereo raha miteny aminareo an’izany Izy.

Eny, tompoko. Ankehitriny atrakao ny lohanareo vetivety fotsiny.

178 Aoriako ao ilay izy. Ankizy iray izany. Mirehitry ny tazo izy izao ankehitriny izao. Zazavavy kely iray izany. Tsy avy eto amin’ny tanàna ianao. Manana aretim-bavony ilay ankizy. Manana izy. Minoa fotsiny.

179 Ankehitriny, izany ve no Nolazainy fa Hataony? Tsy nahita an’io olona io mihitsy aho teo amin’ny fiainako. Andriamanitra any An-danitra no mahafantatra an’izany.

180 Ity lehilahy eto ity, toy ny tena matanjaka sy salama izy. Saingy hitanareo ve io aloka eo amboniny eo io? Midika

izany, fa raha tsy manampy azy Andriamanitra, dia tsy haharitra ela eto izy. Tratry ny homamiadana izy. Ao amin'ny avokavokao izany.

Ankehitriny, eto ilay Zanak'olona.

Manana enta-mavesatra iray izy eo amin'ny fony ho an'ny zazalahy kely iray, ankizy kely iray. Marina ve izany? Mino ve ianao fa afaka miteny amiko an'izay tsy mety amin'io ankizy io Andriamanitra? [Hoy ilay rahalahy hoe, "Fantatro fa afaka Izy."—Mpand.] Afaka Izy. Manana fihetsehan'ny tsy fahatsiarovan-tena kely izy tahaka ny endrika androbe iray. Vao avy nahazo anankiray izy vao haingana mihitsy. ["Aninkeo maraina."] Marina izany, aninkeo maraina. Ary mino ve ianao fa ho velona mba hitaiza an'io zazalahy io, ary ho tena tsara izy? ["Eny."]

181 Aiza i Charlie Cox? Aiza izy? Charlie, aiza ianao? Nihevitra aho hoe teto izy izao hariva izao. Teto ho eto, Charlie. Gary, aiza ianao? Larry, eto ve izy? Nanana an'ilay zavatra mitovy ny zanany lahy kely, tena ilay zavatra mitovy mihitsy. Aiza ianao, Larry? Avia eto iray minitra. Eny, io ianao. Ity zazalahy kely eto ity dia nanana an'ilay zavatra mitovy. Tena sakaizako tsara ny rainy sy ny reniny. Tany aho taona maro lasa izay, ary tratry ny fihetsehana ity zazalahy kely ity, tsy nahatsiaro tena fotsiny ka nilofika. Androbe ilay izy. Fantatro teo amin'ilay zazalahy kely izany, nangataka an'Andriamanitra aho hanasitrana azy. Tsy nanana anankiray intsony izy nanomboka teo. Io ny rainy; mipetraka eto any ho any ny reniny; ary ity ilay zazalahy kely, izy tenany.

182 Ankehitriny mino ve ianao, tompoko? (Misaotra anao, Larry.) Mino ve ianao, tompoko? Enga anie ilay Andriamanitry ny Lanitra hanaiky an'ilay zavatra iray ihany ho anao, ary ianao ho velona hitaiza an'ilay ankizy. Andriamanitra hitahy anao.

Ndao isika hivavaka.

183 Andriamanitra malala, ampio izy. Mivavaka aho mba ny Famindramponao sy ny fahasoavanao no ho eo aminy sy hitahy azy. Amin'ny Anaran'i Jesosy.

184 Miverena any Louisiana ankehitriny, faly, derao Andriamanitra noho ny aminy.

185 Oh, hia, avy any Louisiana izy, azo antoka fa izany, manodidina ny Lake Charles. Marina. Hitanareo, afaka mahazo ny eritreritrareo aho ankehitriny. Ho an'Andriamanitra ny dera!

186 Eny, ianao dia mangataka za—zavatra tsara iray, te-hanana zaza iray ianao. Efa manan-janaka ianao, zanaka vitsivitsy, saingy mila anankiray hafa ianao. Enga anie Andriamanitry ny Lanitra hanaiky an'izany ho anao, ranabaviko. Avia eto, te-hametra-tànana fotsiny aho.

187 Andriamanitra malala, omeo an'ilay vehivavy ny fanirian'ny fony, satria antony mendrika izany. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Ankehitriny mandehana hahazo an'ilay zanaka.

188 Andriamanitra tsara iray Andriamanitra. Mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fantany izay rehetra ilaintsika. Izy no manolotra ny ilaintsika rehetra raha mino an'izany isika. Hoy Izy hoe, "Raha mety mino ianao!"

189 Efa nandray ny tànanao aho tany ho any. Tsy tsaroako hoe taiza ilay izy, fa efa nandray ny tànanao aho tany ho any. Tsy tsaroako marina tokoa ilay izy, fa tany ho any fotsiny isika, androany tany ho any, saingy tsy fantatro hoe taiza ilay izy. Fa tsy hoe taiza, inona no resahantsika eto. Eto ianao hiresaka mikasika, na hivavaka, mila ahy hivavaka ho an'ny olon-kafa. Marina izany. Tsy eto izy. Any Georgia izy, marary. Tsy hoe marary fotsiny izy, ara-batana, fa marary ara-panahy; ny anadahinao. Mino ve ianao fa Andriamanitra no hikarakara an'izany satria nitsangana ho azy ianao? Mino ve ianao? Avia eto ary ndao isika hiaraka hivavaka.

190 Andriamanitra malala, ekeo ho an'ity lehilahy ity ny fanirian'ny fony, mba ahafahany handeha sy hahita an'io lehilahy io hiantsoantso an'Andriamanitra. Amin'ny Anaran'i Jesosy no angatahako an'izany. Amena.

Andriamanitra hitahy anao. Aza misalasala. Minoa amin'ny fonao rehetra.

191 Manao ahoana ianao? Tsy hoe tsy nanakatra ny tànanao aho mba handray ny tànanao teo, rehefa namoaka ny tànanao ianao, fa nahamarika zavatra iray aho. Aloka iray izany, tena maizina sy mainty. Izany ny antony. Fantatro fa raha nandray ny tànanao aho, dia hahita an'ilay izy amin'izany fomba izany, hitanao. Fa homamiadana iray ilay izy. Mino ve ianao fa mahavita manala an'izany Andriamanitra? Ao amin'ny nononao ilay izy, ny ilany havia. Te-hiverina any Carolina ianao ka hidera ny Tompo satria salama, sa tsy izany? Hitanao ve izay tiako ho lazaina? Ndao isika hivavaka.

192 Andriamanitra malala, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, ilay Anankiray Izay manatrika ankehitriny; mihinana ny Mofon'Andriamanitra ireo zanaka, ka enga anie ity zanaka ity hifaly amin'ny finoana ihany koa, ilay Mofon'Andriamanitra izay Omeny azy ankehitriny ho an'ny fahasitranany. Enga anie izy handeha ka ho salama, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Minoa amin'ny fonao rehetra.

Manao ahoana ianao?

193 Tsy fotoana mahafinaritra iray ve izao? Toy ny hoe misy fanajana iray mihitsy mipetraka eo ambonin'ny olona.

Na, ilay izy angamba dia toy ny hoe, ireo sofiko, toy ny misy zavatra anankiray mihitsy manao hoe, "Fioo!" Manao tabataba iray fotsiny, toy ny hoe, "Fioo," tahaka an'izany, hitanareo. Izany no Mofon-jaza. Hitanareo? Anareo Izany. Ho anareo Izany. Tsy ho ahy Izany; ho anareo Izany. Tena mankasitraka aho, amin'izao fotoana ankehitriny izao mihitsy, izaho tsy. . . Salama aho, raha araky ny fantatro; saingy Izany dia Mofo ho ahy, ihany koa, rehefa mila aho. Izany dia Mofo ho anareo. Izany dia fampaherezana. Na ianareo izay tsy marary aza, dia mampiakatra ny fontsika fotsiny eo anatrehan'Andriamanitra izany.

194 Amin'ny vanim-potoana marina tokoa ity, izay Nolazainy fa Hataony hoe, "Ary tahaka ny tamin'ny andron'i Sodoma, dia ho toy izany koa amin'ny fihavian'ny Zanak'olona, rehefa ho voambara ny Zanak'olona." Hitanareo? "Ary, indro, Izaho maniraka an'i Elia mpaminany mialohan'ilay andro lehibe sy mahatahotra an'ny Tompo. Izy no hamerina ny fon'ny olona amin'ny Ray." Hitanareo? Hitanareo?

195 "Ary amin'izany fotoana izany ny marina dia hanitsaka ny—ny ratsy fanahy, ireo lavenona." Handoro tahaka ny fatana izy ireo, hitanareo, handoro ny tany. Hitantsika fa hihotsaka izy any. Ary hiparitaka manerana ny tany ireo volokano, ka hirehitra ny lanitra.

O ry Vatolampin'ireo Taona, mamindrà fo amiko ankehitriny, sy amin'izany fotoana izany.

196 Manao ahoana ianao? Eny, zavatra anankiray, tratry ny aretin'ny ramatoa ianao, aretim-behivavy. Tratry ny zavatra hafa. Mikorontan-tsaina ianao, ilay taona mampikorontan-tsaina mihitsy. Fahasarotana amin'ny karazany rehetra. Fa ianao dia manana faniriana iray, ihany koa, izany dia ny hahazoana ny Fanahy Masina. Marina izany. Izany ilay izy. Mino ve ianao fa ianao dia . . . Efa nibebahanao ve ny zavatra rehetra? Mino ve ianao fa raha mametra-tànana aminao aho ka mangataka an'Andriamanitra hanao an'ilay izy, dia ho tonga ny Fanahy Masina? [Hoy ilay anabavy hoe, "Eny."—Mpand.] Mino an'izany ve ianao? ["Eny, tompoko."] Ndao isika hivavaka.

197 Andriamanitra malala, mametraka ny tànako eo amin'ity vehivavy ity aho, amin'ny fomba apostolika, ary mangataka mba hahazoany ny batisan'ny Fanahy Masina. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, enga anie izy handray an'Izany. Amena.

198 Aza misalasala amin'izany. Fanananao Izany, hitanao. Anao Izany. Izany no—no Mofon-jaza.

199 Nanana fihetseham-po kely hafahafa ianao rehefa nilaza aho hoe, "aretim-behivavy," sa tsy izany? Satria izany no anananao, ihany koa. Ankehitriny mino ve ianao fa ho tena tsara izao ankehitriny izao? Mandehana, misaotra ny Tompo fotsiny.

200 Manao ahoana ianao? Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Mino ve ianao fa afaka hihinana tahaka ny nataonao taloha efa ela be? Eny àry. Mandehana, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo. Mino an'izany aho." Ny Fanatrehan'ny Tompo.

201 Mino ve ianao fa hiala aminao io aretin-damosina io ka ho salama? Eny àry. Mandehana fotsiny, manao hoe, "Misaotra Anao, Andriamanitra malala," dia hanaiky an'izany Andriamanitra.

202 Mino ve ianao fa afaka ho salama, hanao anao ho salama ny Tompo; ka tsy hanana aretin-kozatra, ho tsara sy salama? Mino an'izany ve ianao? Mandehana, misaotra Azy, manaova hoe, "Tompo, manaiky an'izany amin'ny foko rehetra aho, ary mino an'izany."

Inona no inoanareo rehetra eo ireo mikasika an'Izany?

203 Ianao eto mihitsy, apetraho eo amin'io ramatoa mipetraka eo akaikinao io mihitsy ny tànanao, teneno aminy fa hiala aminy ireo fivontosan'ny làlan-drà sy aretin-kozatra. Rehefa izy . . .?. . .

204 Andriamanitra hitahy anao. Mino ve ianao fa ho salama ankehitriny? Mandehana mody ka aoka ho salama. Andriamanitra hitahy anao. Zory ny làlanao, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy."

205 Manao ahoana ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Deraina ny Tompo."—Mpand.] Mino ve ianao fa ilay aretim-behivavy dia hiala aminao, ihany koa? ["Mino aho."] Ary ho salama ianao? ["Misaotra Anao, Jesosy."] Mandehana, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo." ["Misaotra Anao, Jesosy."]

206 Manao ahoana ianao? [Hoy ilay anabavy hoe, "Rovitra ny hozan-taolana iray."—Mpand.] Nahoana, oadray, oadray! ["Totten."] Fantatro ny anaranao. Izaho—izaho taloha . . . ["Totten."] rehefa nitandrina ny fiangonana Batista aho. ["Totten."] Totten. ["Della Totten."] Ranabavy Della Totten. Mijaly amin'ny aretin-damosina ianao ankehitriny. ["Eny."] Ho tena tsara izany, ankehitriny. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Izy? ["Eny."] Tsaroanao ve izay nitranga tany tao amin'ny fiangonana Batista tany Milltown taona maro lasa izay? ["Eny, tsaroako izany!"] Mbola ilay Andriamanitra iray ihany Izy androany. ["Oh, misaotra Andriamanitra!"] Andriamanitra hitahy anao, ranabaviko.

George Wright, aiza ianao? Tsaroanao ve? Oadray, ahoana . . .

Mino ve ianao, raha mametraka ny tànako eo aminao fotsiny aho, miaraka amin'io hosotra io, mino ve ianao fa ho salama? Avia eto. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy enga anie izy ho sitrana. Amena. Manàna finoana!

Eny, mino amin'ny fonareo rehetra ve ianareo rehetra? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.]

207 Ankehitriny, tsara toy ny ahoana no hitondran'izao an'ireo fahatsiarovana fahiny, ny mahita an'io ramatoa io! Izaho dia tsy afaka mieritreritra ny anarany, sahady, fa izaho . . . [Hoy ny olona iray hoe, "Totten."] Totten. Totten, marina izany. Oh, eny, i Bertie no zananivavy. Marina izany. Tena marina tokoa izany. Aza mihevitra fa any ivelan'ny tenako aho, karazany kely fotsiny aho, fantatrareo, ilay izy dia karazan'ny . . . Tsy haiko ny manazava azy.

208 Fa lasa ny aretin-damosinao, ramatoa. Mandehana, derao ny Tompo, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo."

209 Mino ve ianao fa ny aretim-ponao dia ho tena tsara, ihany koa? [Hoy ilay marary hoe, "Eny."—Mpand.] Mandehana fotsiny, mifalia, ka manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo Jesosy," ary minoa an'Izany. Eny àry. Manàna finoana ankehitriny. Aza misalasala.

210 Avia, ramatoa. Mino amin'ny fonao rehetra ve ianao? Manana zavatra betsaka tsy mety ianao. Ianao dia tratry ny aretin-damosina, ihany koa. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? Eny àry, mandehana fotsiny, mifaly. Izany, izany dia Izy no manao anao hahatsapa tahaka an'izao. Misaora ny Tompo. Andriamanitra hitahy anao, ranabavy.

211 Akory, anaka. [Hoy ilay zazalahy hoe, "Akory!"—Mpand.] Mino ve ianao fa hanasitrana ny fikorontanan-tsain'io zaza io Andriamanitra ka hanao azy ho salama? Mino an'izany ve ianao? Eny àry. Akory, ry sakaizako, avelao aho handray ny tànanao.

212 Andriamanitra malala, esory io zavatra ratsy io hiala amin'ity zazalahy kely ity, ary enga anie izy ho velona sy ho ara-dalàna. Amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

213 Andriamanitra hitahy anao, rahalahy. Mino an'izany ve ianao, sa tsy izany? Tena ho tsara ianao. Aza misalasala mihitsy.

214 Tanora loatra nefa manana aretim-po. Mino ve ianao fa hanao anao ho salama Andriamanitra? [Hoy ilay marary hoe, "Eny, tompoko."—Mpand.] Mandehana, manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo, nohon'ny fanasitranana ahy."

215 Mino ve ianao fa hanasitrana ny aretim-bavoninao Andriamanitra ka hanao anao ho salama? Mandehana, mifalia, ary manaova hoe, "Misaotra Anao, Tompo."

216 Mbola Andriamanitra Izy, sa tsy izany Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ny zavatra tokana tsy maintsy hataonareo dia ny mino fotsiny. Tsy marina ve izany? Mino ny Zanak'olona amin'ny andro farany ve ianareo?

217 Nisy zavatra nitranga teto minitra vitsy lasa izay, ary izaho tsy afaka . . . miezaka ny hahita hoe taiza ilay izy. Nanana finoana ny olona iray ka nanao zavatra. Na, angamba ho hitako izy ireo amin'ny Alahady heriny, na rehefa vitako. Ianao ve—ianao . . . Io indray ilay izy. Manangana ny tànanao

ianao. Mino ve ianao fa afaka manasitrana an'io aretim-po io Andriamanitra, hanao anao ho salama, hanasitrana ny zanakao vavy any miaraka—miaraka . . . Mino an'izany ve ianao? Rtoa. Neff, mino ve ianao fa Andriamanitra . . . Leo Neff. Tsy mahafantatra anao aho, fa izany ianao. Tratry ny aretim-po ianao, ary tratry ny aretin'ny voa ny zanakao vavy kely. Mino ve ianao fa ho salama izy? Ny finoanao no manao anao ho tsara. Minoa amin'ny fonao rehetra.

218 Ianao ery aoriana eo amin'ny dobo ery, mitsangana eo miaraka amin'ny aretim-bavony, manao anao ho salama Jesosy Kristy.

219 Mino ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Izy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay. Ndao isika hifametra-tànana ankehitriny. Oh, eritrereto ny ora izay misy antsika, eritrereto ny fotoana. Eritrereto fa ao amin'ilay tena Fanatrehan'i Jesosy Kristy mihitsy isika, ilay Zanak'Andriamanitra. Izy no nampanantena fa Izy no hanao an'izao amin'ny andro farany. Mametra-tànana eo amin'ireto mosara ireto aho.

220 Andriamanitra malala, mivavaka aho mba Hitahianao an'ireto mosara ireto ho an'ny fanasitranan'ny vatan'ny olona, amin'ny alàlan'ny Anaran'i Jesosy Kristy.

221 Ankehitriny, miaraka amin'ny tànanareo eo amin'ny anankiray hafa, ny tsirairay avy aminareo dia mambran'ny Vatan'i Kristy. Ilay Fanahy Masina iray ihany izay nampanantena ny hanambara ny zava-miafin'ny fo sy hanao an'ireo zavatra ireo, ao aminareo Izy. Ampahany iray Aminy ianareo, ary Izy ampahany iray aminareo. Ankehitriny, Izy no nilaza an'izao, "Izao famantarana izao no hanaraka an'ireo izay mino." Ianareo izany. "Raha mametraka ny tànany eo amin'ny marary izy ireo, dia ho sitrana ireny." Ankehitriny, aza mivavaka ho an'ny tenanareo, mivavaha ho an'ilay anankiray izay ametrahanareo ny tànanareo, satria mivavaka ho anareo izy ireo. Ankehitriny ndao isika hiaraka hivavaka, ary enga anie tsy hisy olona iray malemy ato amin'ity tranobe ity. Nahoana isika no hiandry ela, ry rahalahy malalako, ranabavy, indro eto Izany, ny Fanahy Masina, Andriamanitra, eto mihitsy, ilay tena Zavatra izay horesahantsika fotsiny.

222 Jesosy malala, fantatray Ny Fanatrehanao. Ianao no nitondra an'ilay zaza kely niverina tamin'ny fiainana indray andro, rehefa avy maty izy, tamin'ny alàlan'ny vavaky ny finoana. Andriamanitra malala, misy maro eto no tsy vitanay, lasa ny fotoana, saingy mametraka ny tànany eo amin'ny anankiray hafa izy ireo. Mpino izy ireo. Mipetraka eo amin'ny Fanatrehan'i Tompo Jesosy Kristy izahay, nitsangana tamin'ny maty, ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.

223 Satana, resy ianao! Jesosy Kristy no nandresy anao! Nitsangana tamin'ny maty Izy ary mitsangana eto anivonay izao hariva izao, manamarina an'ity Hafatry ny andro farany ity. Mivoaha amin'ity vahoaka ity! Mialà amin'izy ireo, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy! "Handroaka devoly amin'Ny Anarako izy ireo," ary voaroaka ianao. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mialà amin'ity fiangonana ity!

224 Ny tsirairay avy aminareo izay manaiky ny fahasitrananareo ankehitriny, mitsangàna. Ny olona rehetra izay manaiky ny fahasitranana, mitsangàna. Atsangano ny tànanareo ankehitriny ka omeo Azy ny dera!

"Manaiky ny fahasitranako aho ankehitriny," lazao amin'Andriamanitra izany. Manaiky ny fahasitranako aho ankehitriny. [Hoy ny fiangonana hoe, "Manaiky ny fahasitranako aho ankehitriny."—Mpand.] Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, Kristy. ["Ianao no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay, Kristy."] Mino Anao aho ankehitriny. ["Mino Anao aho ankehitriny."] Vonjenao amin'ny tsy finoako aho. ["Vonjenao amin'ny tsy finoako aho."] Amena. ["Amena."]

Ho deraiko Izy, ho deraiko Izy,
Deraiko ilay Zanak'ondry voavono ho an'ny mpanota;
Omeo voninahitra Izy, ianareo olona rehetra,
Fa Ny Ràny no nanadio ny pentipentina tsirairay.

225 Tsy tianareo ve Izy? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Ndao àry isika hidera Azy. Ny rehetra, miaraka amin'ny tànanareo mitsangana, omeo Azy ny dera, raha manatona eto ny rahalahy mba hampirava antsika.

SAKAFO ARA-PANAHY AMIN'NY VANIM-POTOANA METY MAG65-0718E
(Spiritual Food In Due Season)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy ny Alahady hariva, 18 Jolay, 1965, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2015 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org